



# NY MPIKAMBANA 33 AO AMIN'NY « *CONSEIL DU FAMPIHAVANANA MALAGASY* » (CFM) ISAM- PARITANY











<u>Ankavia miankavanana</u> :**MAHAJANGA** : *BENTE SALIM Zalifa,RAHAINGOSOA Louise Odette, ZAFILAZA, BOANORO Victor Henri, RAZAFINDRAVOLA Jeanne Virginie, MOHAMADY Sakra*. **ANTANANARIVO** : *RAMAMIMAMPIONONA Gérard Noël, RAZAKA Oliva, RABEMANANJARA Charles, MAMPISANJY Michel, RAZAFIMAHATRATRA Valisoa* ;

**TOLIARA** : *LATIMER RANGERS Randrianasolo Joseph ; MAKA Alphonse ; FANDROMBAHA ; FARATINA Honoré Mahompson; MIANDRISOA Jean Marcel ; ZAFIMIHARY Parfait ; NADJATY Binty Mohamed Aly*. **ANTSIRANANA** : *JEAN ; ANDRIANASOLO Roger ; BOTRALAHY Michel ; ANDRIANJAVA Serge* ; **TOAMASINA** : *RASOLONDRAIBE Jean Jacques ; RANDRIAMAHEFA Suzy Marie Yasmine ; MANGALAZA Eugène Régis ; RASOAMANIRY*. **FIANARANTSOA** : *RAOTOSAMY Andriamaro Honoré ; RAKOTOARISON Joseph ; SEHENOARIVELO Ravolanirina Francine ; RAMIDISON Avonelina ; MATSUBARA Tchek Julien ; RANAIVOSON ; RABE Olivier Landry*

# *TENIN'NY FILOHA*



Taona voalohany niasan'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » ny taona 2018 izay kihon-dàlana ho an'ny Firenena noho izy taom-pifidianana.

Vonton'ireo Filamatra manao hoe: « ***Malagasy mihavana – Vahoaka milamina – Firenena mandroso*** » ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* », ka nilofo fatratra mba ho ao anatin'ny fifampiresahana sy ny fifandeferana, ary ny Fitoniana no hizoran'ny fifidianana satria antoky ny Fampandrosoana ny Firenena izany.

Koa nandritra ny taona dia nanao ny ezaka fanentanana teny ifotony, tany amin'ireo Faritany enina, sy ireo Faritra roa amby roapolo manerana ny Nosy, ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* ». Natao ihany koa ireo ANTSO AVO mba hisian'ny Fandriampahalemana sy ny fanajana ny « ***Fihavanana*** », nisy ireo Atrikasa samihafa, tao ihany koa ny fametrahana sehatra ifampiresahana ary ny asa fanelanelanana natao.

Hafaliana ho azy ny mahita fa tsy very maina tsy akory ireo ezaka nataony ho fandraisana anjara ho amin'ny zotra-pifidianana milamina.

Koa anterina etoana ny fisaorana feno ny vahoaka Malagasy, tia « ***Fihavanana*** », tompom-pahefana naniry fatratra ny fiovana.

Araka izany dia hetaheta ny mba hampidirana ho ao anatin'ny « ***Vakoka ara-kolontsaina tsy hita maso*** » na « **Patrimoine culturel immatériel de l'humanité** » ny « ***Fihavanana*** » izay Soatoavina lalain'ny Malagasy manokana.

Ry Mpiray tanindrazana malala, hitondra vokatsoa ho amin'ny fivoaran'ny isam-batan'olona anie izao teny fohy atao izao, ary indrindra hankahery ny tsirairay mba hisian'ny Fitoniana lalandava satria izany no fototry ny Fampandrosoana andrandrain'ny Malagasy.

*MAKA Alphonse*

Filohan'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* »

# FAMINTINANA

**TENIN'NY FILOHA**

**LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY**

**FANOLORANA**

**I- TOE-JAVA-MISY**

**II- FOMBA FIASA**

**III- FITSIDIHANA SY FIDINANA IFOTONY**

**IV- FANAMAFISANA FAHAIZA- MANAO**

**V- TRANGA LEHIBE — FIHAONANA SY FIFAMPIRESAHANA**

**VI- HETSIKA HO AMIN'NY FITONIANA**

**VII- TATITR'IREO VAOMIERA**

**FAMARANANA: "*IREO TOROMARIKA*" ("*LES RECOMMANDATIONS*")**

**FIZAHAN-TAKELAKA**

**TOVANA**

# FANAFOHEZAN-TENY

| | |
|---|---|
| **APA** | Assurance Personnelle contre les Accidents |
| **ARMADA** | Alliance Républicaine de Madagascar |
| **BIANCO** | Bureau Indépendant Anti-Corruption |
| **CCI** | Centre de Conférences Internationales |
| **CENI** | Commission Eléctorale Nationale Indépendante |
| **CFM** | Conseil du Fampihavanana Malagasy |
| **CNIDH** | Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme |
| **CNRI** | Caisse Nationale de Réparation et d'Indemnisation |
| **COMESA** | Common Market for Eastern and Southern Africa |
| **CSI** | Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité |
| **ECES** | European Centre for Electoral Support |
| **EISA** | Electoral Institute for Sustainable Democracy in Africa |
| **FANDIO** | Fifidianana Antoka ho an'ny Daholobe Ifantenana Olombanona |
| **FES** | Friedrich Ebert Stiftung |
| **FFKM** | Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara |
| **FLM** | Fiangonana Loterana Malagasy |
| **FNS** | Fonds National de Solidarité |
| **HCC** | Haute Cour Constitutionnelle |
| **HCDDED** | Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit |
| **HCDH** | Haut-Commissariat aux Droits de l'Homme |
| **HVM** | Hery Vaovao ho an'iMadagasikara |
| **IRD** | Institut de Recherche pour le Développement |
| **K3F** | Komitin'ny Fahamarinana, Fandriampahalemana sy Fiadanana |

| | |
|---|---|
| **MAE** | Ministère des Affaires Etrangères |
| **MCRI** | Ministère de la Communication et des Relations avec les Institutions |
| **OIF** | Organisation Internationale de la Francophonie |
| **ONG** | Organisation Non Gouvernementale |
| **PEV** | Prevent Electoral Violence |
| **PBF** | Peace Basket Fund |
| **PNUD** | Programme des Nations Unies pour le Développement |
| **ROHY** | Rindran'ny Olompirenena Hiarovana ny Iaraha-manana |
| **SADC** | Southern African Development Community |
| **SAMIFIN** | Sampandraharaha Malagasy Iadiana amin'ny Famotsiam-bola sy ny Fampihorohoroana |
| **SEFIP** | Sehatr'asa Ekiomenika momba ny Fiainam-pirenena |
| **SRMV** | Section de Recensement des Matériels de Vote |

# FANOLORANA

Tato anatin'ny 58 taona nahazoana ny fahaleovantena, dia nandalo krizy niverimberina, nihamafy ary nifanakaiky i Madagasikara. Antony maro no nahatonga izany: tao ireo antony ara-tsosialy sy ara-politika, ary tao ihany koa ireo antony ara-toekarena. Ny loharano nipoiran'izy ireny dia efa ela tokoa, satria ireo tranga nifandimby dia efa niantomboka tamin'ny vanim-potoana faha-mpanjaka.

Azo lazaina mantsy fa ny fifandrafiana teo amin'ny samy Malagasy sy ireo ady teo amin'ny samy foko hatrizay na tamin'ny faha-mpanjaka, na nandritra ny andron'ny fanjanahantany, izay nahery vaika hatrany dia niteraka lolom-po sy ratra, izay nahavery tao am-pon'ny Malagasy ilay « *fitiava-miara-monina* », maha-Firenena ny Firenena. Vao mainka nanamafy izany ireo zavatra niainana taorian'ny nahazoana ny fahaleovantena.

Koa izany indrindra no maha-lavitra ezaka ny fizorana mankany amin'ny FANDRIAMPAHALEMANA.

Mba hahatanterahana izany, dia ilaina ny hiverenana indray amin'ny kolontsaina miorina amin'ny fifampiresahana, ny fandeferana sy ny firaisankina, ary ny fitodihana amin'ilay Soatoavina raiki-tampisaka ao am-pon'ny Malagasy, efa hatramin'ny fahagolan-tany, dia ilay FIHAVANANA, izay SOATOAVINA tokana aman-tany.

Ny adidy masina hitarihana ny Malagasy mankany amin'io dingana io, ary indrindra, hitantanana azy hikaroka ny tena fototra mba ho Fanorenana indray ny Firenena, dia ankinin'ny Lalàmpanorenana, ao amin'ny andininy faha-168, amin'ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*", ka izany dia miorina amin'ny *tambatra fepetra*, na ilay antsoina hoe "*Justice transitionnelle*", miompana amin'ireto foto-kevitra ireto, dia: ny zo hahafantatra ny marina, ny zo ho amin'ny rariny sy ny hitsiny, ny zo ho amin'ny fanonerana, ny zo hanana antoka ny tsy hiverenan'ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona. Satria tokoa mantsy, tena ilaina ny fanavaozana ny rafitra ara-panjakana, ary izany dia hatomboka amin'ny fametrahana ny rafitra izay hiantoka ny Fitoniana mba tsy hisian'ny fiverimberenan'ny krizy intsony.

Ity rafitra, araka ny Lalàmpanorenana ity àry, dia napetraka araka ny lalàna laharana faha-2016-037 tamin'ny 02 Febroary 2017 mikasika ny Fampihavanam-pirenena. Ireo Mpikambana miisa 33 mandrafitra azy, dia notendrena araka ny Didim-panjakana laharana faha-2017-725 tamin'ny 25 Aogositra 2017, ary nanao fianianana teo anatrehan'ny Fitsarana Tampony eto Madagasikara, tamin'ny fotoam-pitsarana manetriketrika natao ny 13 septambra 2017, izay natrehin' Andriamatoa Filohan'ny Repoblika RAJAONARIMAMPIANINA Hery sy ireo Tompon'andraikitra eo anivon'ny Andrimpanjakana malagasy.

Voafidy tamin'ny Fivoriambe ny volana Oktobra 2017 ireo Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Araka izany, dia taona voalohany niasan'ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*", ny taona 2018.

Janoary 2018 - Desambra 2018: taona iray izay no lasa. Herintaona izay nanaovana ezaka goavana tamin'ny fametrahana ireo rafitra hahafahan'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » manatanteraka ireo iraka nankinina taminy mba hanazavana amin'ny Malagasy ny lasany, ka hahafahany mandray an-tanana ny hoaviny ao anatin'ny sehatry ny fivoarana misy eo anivon'izao tontolo izao, araka ny voalaza ao amin'ny antonanton'io Lalàna io.

Nisy ireo iraka natao teo amin'ny foiben-toerany, nisy koa ireo fitsidihana notontosaina tany ifotony, izany hoe teny anivon'ny Faritany enina (6) sy ireo Faritra roamby roapolo (22). Tao ihany koa ny fifanatonana tamin'ireo Mpiantsehatra samihafa eto anivon'ny Firenena.

Fatra-panaja ireo fepetra voalazan'ny Lalàna mifehy azy ireo, ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*". Koa amin'izao faran'ny taona 2018 izao, no anolorany ny TATITRA ISAN-TAONA, arahin'ireo TOROMARIKA mifandraika amin'ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-5.2, faha-30 ary faha-31 amin'io lalàna mifehy azy io, ary koa ireo andininy faha-17 sy faha-94 amin'ny Fitsipika Anatiny, izay milaza fa: **"amin'ny fiafaran'ny fotoam-piasana isan-taona…ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy dia manolotra Tatitra momba ny asany, izay manoritra ny fandrosoan'ny asan'ireo Vaomiera mandrafitra ny fe-potoana heverina, sy mety, amin'ny TOROMARIKA izay ampitain'ny Filohany any amin'ireo Andrim-pitondram-panjakana…Ny manam-pahefana mahefa dia tsy maintsy mijery ny tolokevitra, toromarika, fanapahan-kevitry ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy. Isaky ny fivorian'ny Parlemantera, dia tsy maintsy mamaly momba ireo toromariky ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy ireo ny Mpanatanteraka** ».

Ireo Toromarika izay aroso, mainga avy amin'ny Tatitra, dia miankina indrindra amin'ny laharampahamehan'ny Fampihavanana ny Malagasy amin'izay tena sarobidy aminy, dia ireo kolontsaina mifototra amin'ny « *Fihavanana* », sy ny fampihavanana azy ihany koa amin'ny taniny sy ny teniny, izay ilàna indrindra ny fanavaozana ny rafitra rehetra, amin'ny lafiny rehetra, na eo amin'ny fanabeazana izany, na eo amin'ny fananan-tany sy ny maro hafa koa.

Mba ho fanatanterahana izany, dia laharampahamehana ny fananganana **sehatra** tena hifampiresahana sy hikaonan-doha, mba hametrahana tontolo feno Fitoniana. Laharam-pahamehana ihany koa ny famolavolana sy fankatoavana fepetra araka ny lalàna, indrindra ny momba ireo vondrom-paritra, mba hampisy ny tena fizakantena ara-bola eny anivon'izy ireny, ary koa ny mikasika ny sata mifehy ny Fokontany, izay fototry ny fampandrosoana marina.

Ireo àry no voalaza amin'ity TATITRA arahina TOROMARIKA ity, araka ny tatitry ny Vaomiera telo sy araka ireo fanapahan-kevitra noraisin'ny Birao Maharitra ary araka ireo hevi-dehibe notinapaky ny Fivoriambe.

# I. TOE-JAVA-MISY

## 1. <u>Fananganana sy iraka</u>

Ho fanajana ny voasoratra ao amin'ny andalana faha-168 amin' ny Lalàmpanorenana, no nandanian'ny Fahefana Mpanao lalàna ny lalàna laharana faha 2016-037, navoaka hanan-kery ny 02 Febroary 2017 ka nananganana Rafitra iray, dia ny « ***CONSEIL DU FAMPIHAVANANA MALAGASY*** » (CFM) izay hitarika ny Fampihavanam-pirenena araka ny hevitra fototry ny *tambatra fepetra*, na « *justice transitionnelle* ».

Satria tokoa mantsy, dieny ao amin'ny Savaranonandon'ny Lalàmpanorenana malagasy dia napetraka ny fotokevitra ilàna ny fanatanterahana ny zotra ho amin'ny Fampihavanam-pirenena. Koa araka izany, dia ny Lalàmpanorenana mihitsy no miantoka ny sata mampisy ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* ».

Ny *« Conseil du Fampihavanana Malagasy »* dia manatanteraka ny asany manerana ny Nosy, ary manana ny fahefana feno, hahafahany manatontosa ny iraka ampanaovina azy mba hitsaboana sy hanasitranana ireo ratra iombonana sy isam-batan'olona navelan'ny tantara, hahafahana manangana fototra tsara ho an'ny hoavin'i Madagasikara.

Toy izao avy ireo andraikitra anirahana azy:

- Mitarika ny zotra ho amin'ny Fampihavanam-pirenena amin'ny alalan'ireo fepetra voalazan'ny lalàna hahafahana manatontosa izany ;

- Mandray anjara amin'ny fametrahana tontolo politika milamina sy tony, ho an'ny fifidianana malalaka, mangarahara ary azo antoka, izany hoe amin'ny ankapobeny dia ny fisorohana sy ny famahana ny disadisa mba hiantohana ny tsy fiverenan'ny toe-draharaha mampifandona izay mety hanimba ny firaisankinam-pirenena sy ny fitoniana ara-tsosialy.

- Mamolavola Toromarika izay hahafahana mamaha amim-pilaminana ny toe-draharaha mampifanolana sy ny olana rehetra mety hanimba ny firaisam-pirenena na ny fiaraha-monina, izay manakana ny fizotra araka ny tokony ho izy ny fahefam-panjakana na ny fampihodinana ny toekarena, na koa ny fampandrosoana mirindra sy mifandanja eto amin'ny Firenena.

## 2. Rafitra

Toy izao avy ireo mandrafitra ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*":

- Ny Fivoriambe, izay ahitana mpikambana telo amby telopolo (33) ;
- Ny Birao Maharitra ahitana : Filoha iray, Filoha lefitra enina, (iray isaky ny Faritany), Mpampakateny Ankapobe iray ary Mpampakateny Ankapobe Lefitra iray;




- Ireo Vaomiera telo izay ahitana ny Mpikambana rehetra :

- Vaomiera misahana ny “Fahamarinana sy Famelan-keloka”
- Vaomiera misahana ny « Fanonerana / Fanomezana onitra»
- Vaomiera misahana ny “Fanorenana indray ny Firenena sy ny Repoblika”

**FILOHAN'NY VAOMIERA**

**Ramatoa RASOAMANIRY** **Kolonely MAMPISANJY Michel** **Mopera ANDRIANJAVA Serge**

| | | |
|---|---|---|
| **VAOMIERA MISAHANA NY "FAHAMARINANA SY FAMELAN-KELOKA"**  | **VAOMIERA MISAHANA NY « FANONERANA / FANOMEZANA ONITRA»**  | **VAOMIERA MISAHANA NY "FANORENANA INDRAY NY FIRENENA SY NY REPOBLIKA"**  |

# II. FOMBA FIASA

Ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » dia manao Fivoriambe, ara-potoana na tsy ara-potoana, ka ny ara-potoana dia atao isaky ny telo volana, izay anaovana tatitra hatrany.
Amin'ny fiafaran'ny asa isan-taona, no anaovana ny tatitra momba ireo asa vita, voasoritra araka ny fivoaran'ny asa nataon'ireo Vaomiera nandritra ny taona, ary anolorana ihany koa ireo Toromarika amin'ireo Andrimpanjakana.

## 1. Fotoam-pivoriambe

Toy izao ireo fotoana nanatanterahana ny Fivoriambe nandritra ny taona 2018:

- Fivoriambe Ara-potoana telo volana voalohany: 05/03/18 - 04/04/18
- Fivoriambe Ara-potoana telo volana faharoa: 04/06/18 - 04/07/18
- Fivoriambe Ara-potoana telo volana fahatelo: 03/09/18 - 02/10/18
- Fivoriambe Ara-potoana telo volana fahefatra: 03/12/18 – 17/12/18

## 2. Famintinana

**Fivoriambe Ara-potoana Voalohany:** 05 Marsa 2018 hatramin'ny 04 Avrily 2018

Ireo teboka nivoitra tamin'ny Fivoriana:

- Fampahatsiahivana ny fianianana natao teo anatrehan'ny Fitsarana Tampony eto Madagasikara tamin'ny fotoam-pitsarana manetriketrika ny 13 Septambra 2017, ny amin'ny fitandroana ny fahaleovan-tena sy ny tsy fiandaniana ary ny fanajana ny tsiambaratelon'ny diniky ny raharaha.
- Fanapahan-kevitra hametraka andro iray, izay hankalazaina isan-taona, antsoina hoe « *ANDRON'NY FAMPIHAVANANA* ».
- Fanendrena ireo olona hiandraikitra ny famolavolana ny fomba fiasa, ny fitantanana ary ny fandaminana, mba hanatsarana ny fomba fiasa anatiny.
- Fampiofanana sy fanaovana tombana ny mpiasa.
- Fankatoavana ny rafitra mikasika ny ambaratongam-pitondrana, ny isan'ny mpiara-miasa mpanampy ny Mpikambana ary ny tahan'ny tambin-karama.
- Fanendrena ny mpikambana hiandraikitra ny fanaovana ny dingana mikasika ny fiantohana ara-pahasalamana.
- Fandinihana sy fanazavana ireo Tolo-dalàna momba ny fifidianana, nataon'ny Komity Iraisan'ny ministera miandraikitra ny famolavolana izany.
- Fametrahana vaomiera iray hiandraikitra ny famolavolana ny drafitry ny Volavolan'ny rijan-teny hatao Tolo-dalàna, mba ho fampiharana ny lalàna laharana faha 2016-037, tamin'ny 02 Febroary 2017, ka anisan'izany ny momba ny fananganana ny «Tahirim-Pirenena momba ny Firaisan-kina » ary ny fametrahana ireo Rantsamangaikan'ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy* ".
- Famahana ireo disadisa, ka ohatra amin'izany ny tranga tany Toliara, noho ny fahafatesana zazavavy iray, novonoina tamin'ny fomba feno habibiana, ary niteraka fandrobana sy fitsaram-bahoaka. Miisa 63 ireo voasambotra sy nampidirina am-ponja. Ho famaliana ny antso nataon'ireo solontena roa tonta avy any Toliara, dia nandray anjara mavitrika tamin'ny dingana nandaminana io disadisa io ireo Mpikambana ao amin'ny Faritany, notarihin'ny Filoha Lefitra.
- Eo anatrehan'ny tsy fandriampahalemana sy ny firongatry ny fifandonana: Fanapahan-kevitra ny tokony hametrahana "Andrimaso iray eto amin'ny firenena" ("Cellule de veille nationale") ho rafitra fanairana, mba hahazoana vaovao azo antoka, ara-potoana, hahafahana manao toromarika araka ny voalazan'ny lalàna.

**<u>Fivoriambe ara-potoana Faharoa</u>:** 04 Jona 2018 hatramin'ny 04 Jolay 2018

Tsiahivina fa ny telo volana faharoa dia nifanandrify tamin'ny tranga sy zava-nisy samihafa niseho teto amin'ny Nosy.

Tao ny nahafaly, toy ny fanokanana ny Eveka vaovao an'ny diosezin'i Farafangana. Nisy koa ny sorona masina ho fanandratana ho Olon-tsambatra an'i "Ramose Lucien BOTOVASOA" tao Vohipeno. Toy izany koa, ny fanompoam-pivavahana, Jobilin'Andriamatoa TEHINDRAZANARIVELO Djacoba Emmanuel Mpitandrina, nankalazaina tao Anahidrano, Faritra SOFIA.

Ho fiombonana feno, dia nandefa delegasiona mafonja hatrany nanatrika ary niara-niombom-po sy hafaliana tamin'ireo Malagasy manerana ny Nosy, ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* »

Tetsy andaniny koa anefa, dia nisy fisehoan-javatra mampalahelo nitranga, tahaka izay nisy teto Antananarivo, teo amin'ny kianjan'ny 13 Mey ny 21 Avrily 2018, nahafatesana olona roa ary nandratrana olona maro.

Ankoatra izay dia nisy fifanolanana ihany koa, tany amin'ny Faritra sasany teto amin'ny Nosy, ka nahatonga ny *"Conseil du Fampihavanana Malagasy"* hanatanteraka ny iraka voalohany, ho fitarihana ny famahana ny olana. Toy ny tranga tao amin'ny Distrikan'i Befotaka Atsimo: fifandonana teo amin'ny samy foko, nanomboka tany amin'ny taona 2014, ary nahafatesana olona am-polony maro. Noho ny dingana notarihin'ireo Mpikambana ao amin'ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*", izay niara-niasa akaiky tamin'ireo manampahefana ara-panjakana, ara-pivavahana sy ara-drazana ( ireo" olobe"), ary taorian'ny fanatanterahana ny fomba amam-panao, dia niverina tamin'ny laoniny ny fandriampahalemana.

Ny Fivoriambe ara-potoana telo volana faharoa dia nifantoka tamin'ireto teboka manaraka ireto:

- Fanazavana ny "Foto-kevitra ankapobeny momba ny tetibola", ny antsoina ara-teknika hoe "*codes et rubriques, taux de régulation, zéro budgeting, budget-programme*".
- Fahatsapana ny tsy fahampian'ny enti-manana, izay zary sakana amin'ny fanatanterahana ny iraka.
- Fandraisana fanapahan-kevitra anaovana fangatahana sora-bola fanampiny any amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola, ary fangatahana tan-tsoroka amin'ireo Mpiara-miombona antoka Iraisam-pirenena, toy ny Vondrona Eropeanina, ny Rafitra eo anivon'ny Firenena Mikambana, dia ny « Peace Basket Fund » na PBF.
- Fanitarana sy fanavaozana ny fotodrafitrasa amin'ny alàlan'ny Fandaharana asa Fampiasam-bolam-Panjakana na "Programme d'Investissements Publics".
- Fahatsapana fa mba hisian'ny fahombiazana, dia ilaina ny fandrindrana ny asan'ireo Vaomiera telo.
- Fisorohana sy famahana disadisa:

  - Fitarihana sy fanamafisana ireo zotra sy dingana natao ho amin'ny Fitoniana.
  - Fanamafisana ny kolontsain'ny fifampiresahana,
  - Fihaonana sy fifanakalozan-kevitra samihafa: toy ny fanatonana an'Andriamatoa Praiministra, ny fihaonana tamin'Andriamatoa Minisitry ny Atitany niaraka tamin'ireo Prefet sy ireo Lehiben'ny Faritra, ny fihaonana tamin'Andriamatoa Tale Jeneraly misahana ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana, ary koa ny fihaonana tamin'ireo Mpikambana ao amin'ny CENI.

Tsipihina fa taorian'ny famaranana ity Fivoriambe ity no niarahan'ny Mpikambana rehetra nanao ny fanambaram-pananana teny anivon'ny BIANCO.

**Fivoriambe ara-potoana Fahatelo**: 03 Septambra 2018 hatramin'ny 02 Oktobra 2018

Marihina fa ny Fivoriambe telo volana fahatelo dia nifanojo tamin’ny vanim-potoanan’ny fanatonana an’ireo Kandida ho Filoham-pirenena mba ahazoana ny fankatoavan’izy ireo ny “Dina” mamaritra ireo fomba mendrika sy mahitsy hisian’ny Fitoniana, izay novolavolain'ny Komity Iombonana notarihan'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* ».

Toy izao avy ireo tsara horaiketina amin’izany:

- Fanamafisana ny fanazavana natao teny ifotony mikasika ny andraikitry ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*", fitsidihana izay naato raha vantany vao nanomboka ny fampielezan-kevitra, mba ho fanajana ny foto-kevitra miompana amin’ny fitandroana ny fahaleovan-tena sy ny tsy fiandaniana.
- Fandraisana andraikitra feno sy manokana iantsorohan’ny «*Conseil du Fampihavanana Malagasy*" amin’ny fitarihana ny zotra ho amin’ny Fitoniana, ka ny asa rehetra tamin’izany dia niompana tanteraka tamin’ny DINA.
- Fankatoavana ny Sata mifehy ny sosialin’ny Mpikambana.

**Fivoriambe ara-potoana fahefatra:** 03 Desambra 2018 hatramin’ny17 Desambra 2018

Vanim-potoanan’ny fiovana eo amin'ny tantara sy ny hoavin'ny Firenena Malagasy ny telovolana farany amin’ny taona 2018, noho ny fisian’ny fifidianana izay ho Filoham-pirenena Malagasy. Natao ny 07 Novambra 2018 ny fiodinana voalohany, ary ny 19 Desambra 2018 ny fiodinana faharoa.

Araka izany, dia nanomboka ny 08 Oktobra 2018 ny fampielezan-kevitra amin’ny fihodinana voalohany. Koa ho fanatanterahany ny andraikitra iantsorohany amin’ny vanim-potoana toy izany, ny Mpikambana ato amin’ny “*Conseil du Fampihavanana Malagasy*” izay mpitarika ny dingana ho amin’ny Fitoniana, dia nandray anjara tamin’ny fanaraha-maso ny zotra, tany amin'ny Faritra samihafa eto amin'ny Nosy. Nisy fiaraha-niasa tamin'ny Rafitra eo anivon’ny Firenena Mikambana izany.

Ireo fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny Fivoriambe:

- Fandaniana ireo hevi-dehibe momba ny Toromarika alefa any amin'ny Fahefana Mpanatanteraka.
- Fanekena ny Tatitra sy ny Toromarika tamin’ny Atrikasa natao tao amin'ny Hotely Panorama, ny 06 Desambra 2018, mikasika ny "Fisorohana ny krizy amin'ny fifidianana Filoham-pirenena, fihodinana faharoa”
- Fandinihana sy fankatoavana, taorian’ny fanitsiana, ny Volavolana-didim-panjakana mikasika ny « TAHIRIM-PIRENENA MOMBA NY FIRAISAN-KINA » (FONDS

NATIONAL DE SOLIDARITE na FNS) sy ny Vondrona antsoina hoe « TAHIRIM-PIRENENA MOMBA NY FANONERANA SY FANOMEZANA ONITRA (Caisse Nationale de Réparation et d'Indemnisation na CNRI) natolotry ny manampahaizana iray, Andriamatoa **IMBIKI Anaclet**.

- Fanapahan-kevitra ny tokony anaovan'Andriamatoa Tale miadidy ny Fitantanan-draharaha sy ny Vola, eo anivon'ny CFM, tatitra isaky ny Fivoriambe.
- Fanapahan-kevitra hampitana any amin'Andriamatoa Tale ihany koa, tabilao novolavolain'ny Komity manokana notendren'ny Fivoriam-be ary ahitana ny momba ny fandrindrana ny fitsinjarana ny tetibola sy ny asa mifandraika amin'izany.
- Fankatoavana ireo Toromarika naroson'ny Vaomiera misahana ny "Fahamarinana sy Famelan-keloka".
- Fanapahan-kevitra hanatsarana ny fandraisana eo amin'ny varavarana fidirana, amin'ny alalan'ny:
    - Fanaovana peta-drindrina ny planina manondro ny birao fiasana tsirairay.
    - Fananganana Birao manokana, miaraka amin'ny Mpiasa voaofana, amin'ny fandraisana ny antotan-taratasy natao ho an'ireo Vaomiera, ary izany dia ho ampitondraina ny marika famantarana azy manokana, raha vantany vao tonga, na ao amin'ny Foibe, na any amin'ny Biraon'ireo Rantsamangaika.
- Fanapahan-kevitra mikasika ny fiantohana (Assurance): taorian'ny fanazavana nataon'ny teknisianina avy ao amin'ny Tranofiantohana ARO, dia nirona tany amin'ny Fiantohana isam-batan'olona amin'ny loza na "Assurance Personnelle contre les Accidents" (APA), ny Fivoriambe. Hanolotra volavolam-pifanarahana mikasika izany ny Tranofiantohana.

# III. FITSIDIHANA SY FIDINANA IFOTONY

Na dia teo aza ny mety ho tsy fahampian'ny enti-manana, dia tsy nitarai-tana-miempaka nanatontosa ireo andraikitra isan-karazany ankinina aminy ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*". Tao ireo:

- Fanentanana mba ho fampahafantarana ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » ;
- Fandraisana anjara mavitrika tamin'ny famahana ny disadisa teo amin'ny samy foko, na teo amin'ireo Mpiantsehatra ara-politika any amin' ny Faritra maro eto amin'ny Nosy;
- Fanatonana ireo Mpiantsehatra samihafa eto amin'ny Firenena: ny Filohan'ny Repoblika amperinasa, ireo Filoham-Panjakana teo aloha, ireo Lehiben'ny Andrimpajakana, ireo Filohan' Antoko, ireo kandidà nambara fa mahazo milatsaka ho fidiana amin'ny fifidianana ho Filoham-pirenena, ny Fiarahamonim-pirenena, ireo

Mpitondra fivavahana, ireo Filohan'ny Fiangonana efatra mandrafitra ny FFKM, ny Fihaonamben'ny Eveka, ireo Mpitarika ara-drazana, ireo Solontenan'ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena;

Taorian'ny dingan'ny fifampihainoana, sy ireo Antso Avo ho amin'ny Fitoniana, ho amin'ny fanajàna ny « *Fihavanana* » nataon'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* », dia nisy koa Toromarika novolavolaina ka ho atolotra ny Fahefana Mpanatanteraka;

Araka izany, dia nisy ireo fidinana ifotony natao manerana ny Nosy, teny anivon'ny Faritany sy ireo Faritra, mba hampahafantarana ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* », ireo hevitra fototra mifandraika amin'ny Fampihavanam-Pirenena, ireo iraka ataony, ireo andraikiny ary ireo fomba fiasany. Ireny rehetra ireny raha fehezina, dia nahafahana nanazava ny fepetra voalazan'ny Lalàna laharana faha 2016-037 tamin'ny 02 Febroary 2017, ary koa nahafahana nanolotra ireo Mpikambana ao amin'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » avy amin'ny Faritra notsidihana, sy namaly ireo fanontanian'ireo notsidihana ary indrindra koa nanangonana ny hetahetan'izy ireo.

## A- <u>Faritany ANTANANARIVO</u> :





*Fidinana tao Antsirabe*

Nanomboka ny volana Janoary 2018 ary notohizana mandavataona ny fidinana ifotony tany amin'ireo Faritra efatra mandrafitra ny Faritany: Bongolava, Itasy, Vakinankaratra, ary Analamanga izay misy ny renivohitr'i Madagasikara.

Nandritra ireo fidinana ifotony ireo dia novoizin'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » Faritany Antananarivo fa « ***Izay manam-panahy, tia Fihavanana*** », asan'ny fo sy fanahy izany ary miainga ao amin'ny tokantrano tsirairay ny Fihavanana ka ny fianakaviana isanisany no tokony hihavana sy hifankatia ary haneho izany ihany koa eo anivon'ny mpiara-belona. Ireto avy ireo làlana hahatongavana amin'ny tena Fihavanana:

- Fihavanan'ny olona amin'ny taniny, sy amin'ny teniny,
- Fihavanan'ny olona samy olona,
- Fiverenana amin'ny Soatoavina.

Ny fihainoana ny feon'ireo mponina tany an-toerana dia nanasongadina ny fisian'ny fahantrana mianjady noho ny tsy fisian'ny fandriampahalemana, ao indrindra koa ny olana goavana ateraky ny ady tany ary ny fanambakana amin'ny endriny maro.

Tao aorian'ny fifanakalozana dia maro ireo nanambara fa tena ilaina ny fisian'ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*". Resy lahatra izy ireo ny amin'ny maha-zava-dehibe ny Fampihavanana.

Ireto avy ireo toerana notsidihana sy ireo daty nanatanterahana izany:

- Bevato, Faritra Bongolava : 23 Janoary 2018
- Antsirabe, Faritra Vakinankaratra : 12 sy 13 Febroary 2018
- Antananarivo, Faritra Analamanga : 20 Febroary 2018.
- <u>Marihana manokana</u> fa tamin'ny 16 ka hatramin'ny 22 Jona 2018, dia nisy afisy sy takelaka kely nozaraina tany amin'ireo distrika sy Kaominina ato amin'ny Faritany Antananarivo, mba ho fanentanana ho amin'ny « *Fihavanana* » sy ny « *Fitoniana* »,
- Miarinarivo, Faritra Itasy: 11 Jolay 2018
- Tsiroanomandidy, Faritra Bongolava: 13 Jolay 2018
- Andranomanelatra, Distrika Antsirabe II Faritra Vakinankaratra: 25 Jolay 2018
- Analavory Faritra Itasy: 07 Aogositra 2018

## B- <u>Faritany ANTSIRANANA</u> :




*Fitsidihana tao Ambanja*

Toy izay natao manerana ny Nosy, dia nanatanteraka fitsidihana ifotony ny Mpikambana Faritany Antsiranana, notronin'ireo Mpikambana avy amin'ny Faritany hafa, ka naompana indrindra tamin'ny fandraisana ireo hevitra avy amin'ireo mpandray anjara izany, mahakasika ny Fitoniana eto amin'ny Firenena sy ireo paika hiverenan'ny Fihavanana araka ny Soatoavina malagasy.

Nandray anjara feno tamin'ny fifanakalozana ireo Hery velona rehetra, dia : ireo Tompon'andraikitra ara-panjakana, ireo Mpiantsehatra ara-politika, ireo Olobe sy Raiamandreny ara-pinoana, ireo avy amin'ny Fiarahamonim-pirenena, sy ny Mpitandro filaminana.

Toy izao raha fintinina ireo foto-kevitra nivoitra tamin'ireo fihaonana ireo, mba hisian'ny Fampihavanana ny samy Malagasy, amin'ny tantarany, amin'ny taniny ary amin'ny hareny :

- Fampiharana ireo fepetra voalazan'ny Lalàmpanorenana mikasika ny fizakan-tena ara-bola eo anivon'ireo Vondrom-paritra itsijaram-pahefana;
- Fanajana ireo Soatoavina isam-paritra ;
- Fitsinjarana ara-drariny isam-paritra ireo harem-pirenena sy fananam-pirenena ;
- Fametrahana fitsinjaram-pahefana ialohavan'ny Fanorenana Ifotony;

Ny tanjona dia ny hiverenan'ilay fitiavana miara-monina, ny Fihavanana, ny Fanorenana indray ny Firenena.

Ireto avy ireo toerana notsidihana sy ireo daty nanatanterahana izany :

- Ambanja, Ambilobe Faritra Diana : 08 sy 09 Aogositra 2018
- Nosy Be, Faritra Diana: 10, 11 sy 12 Aogositra 2018
- Antsiranana, Faritra Diana: 16 Novambra 2018

## D. Faritany FIANARANTSOA :







*Fihaonana tany Fianarantsoa*

Ny hevitra fototry ny fidinana ifotony dia nitovy tamin'ny an'ireo Faritany hafa.

Marobe ny fifanakalozana tamin'ireo olona nihaonana, sy ireo hevitra nipoitra tamin'izany, indrindra fa ireo heverina fa tena mankarary ny Firenena ka tokony harenina hatrany ifotony, toy ny : tsy fandriampahalemana, ny kolikoly manenika an'ireo sehatra maro, ny tsy fahamarinana ka miteraka tsy fifampitokisana intsony, ny fanavakavahana sy ny tsy fifandanjan'ny Faritra. Maro koa ireo nanao fitarainana mikasika ny fivangongoan'ny fahefana aty amin'ny Fanjakana foibe, ny fahapotehana ara-kolontsaina, ara-toekarena, ny olana eo amin'ny fananan-tany sy ny fanabeazana.

Nohararaotin'ireo Mpikambana ny fidinan'izy ireo tany an-toerana, mba hametrahana ny paika hampisy ny tena Fihavanana any amin'ny Faritra.

Marihana manokana ny fitadiavam-bahaolana tamin'ny zava-nitranga tany amin'ny Distrika Befotaka Atsimo izay nisedra olana nandritra ny taona maro noho ny fisian'ny adim-poko sy zana-poko: nisy ny fandoroana tanàna, fakàna an-keriny, fanolanana, halatra omby, vono olona.


Niezaka ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*" nandamina izany, ho famerenana ny Fihavanana mba hisian'ny fandriampahalemana. Taorian'izany dia azo lazaina fa nilamina ny tany an-toerana.

Fa ankoatra izany dia nisy koa ireo dinika sy atrikasa maro, toy ny:

- Atrikasan'ny « K3F » (Kômitin'ny Fahamarinana, Fandriampahalemana sy Fiadanana) izay niompana tamin'ny famaliana ny lohahevitra miendrika fanontaniana nanao hoe: "*Inona no atao hampanjary ny Fahamarinana, ny Fandriampahalemana mba hisian'ny Fiadanana*"?

- Fifanakalozana mikasika ny « *Fanamafisana sy fikatsahana ary fitandroana ny Fitoniana isam-paritra sy isam-paritany ary manerana ny Firenena*".

- Fifanakalozana ara-kolontsaina natao tao amin'ny distrikan'i Manandriana. Nandray anjara tamin'izany ireo mpandrindra: « *Volambetohaka* » tao amin'ny Faritra Amoron'i Mania, « *Sambatra* » any amin'ny Faritra Vatovavy Fitovinany, « *Karitaka* » tao amin'ny Faritra Ihorombe, « *Batrelaka* » any amin'ny Faritra Atsimo Atsinanana, ary « *Fagnina* » any amin'ny Faritra Matsiatra Ambony.






*Fidinana tany Befotaka: ny olana nosedraina*

Toy izao avy ireo toerana notsidihana sy ny daty nanatanterahana izany :

- Vohipeno, Manakara, Farafangana, Befotaka, Faritra Vatovavy Fitovinany sy Atsimo Atsinanana: 12 Avrily- 27 Avrily 2018
- Ambositra, Fandriana, Faritra Amoron'Imania : 05 Mey-19 Mey 2018, 04- 06 Oktobra 2018
- Vangaindrano, Faritra Atsimo Atsinanana : 13 Jolay 2018
- Fianarantsoa, Faritra Matsiatra Ambony: 27 Jolay 2018
- Manandriana, Faritra Amoron'i Mania « VOLAMBETOHAKA » : 23 Aogositra 2018
- Fianarantsoa, Faritra Matsiatra Ambony: 13 Septambra 2018
- Fianarantsoa, Faritra Matsiatra Ambony : 26 Novambra 2018

## E. Faritany MAHAJANGA :





*Fihaonana tao Mahajanga*

Nanatanteraka fitsidihana ifotony ny Mpikambana Faritany Mahajanga, notronin'ireo Mpikambana avy tamin'ny Faritany hafa. Tamin'izany no nisian'ny fifanakalozana mikasika ireto lohahevitra samihafa ireto:

- « Fampihavanana tsy misy herisetra kanefa amin'ny fomba mahomby » ("*Réconciliation non violente mais active* »),
- Zotra ho amin'ny Fitoniana,
- Vaha-olana ny amin'ny fitsaram-bahoaka (ohatra : Besabôha amin'ny Faritra Sofia) vokatry ny tsy fahatokisana ny Fitondram-panjakana,
- Fananganana vaovao indray ny Repoblika,
- Fitsinjaram-pahefana tena izy,
- Olana amin'ny fananan-tany, ny tsy fandriampahalemana, ny fanabeazana, ny fampandrosoana mirindra sy ny fitsinjarana ara-drariny ny harena,
- Fanamafisana ny Soatoavina Malagasy,
- Fampihavanana ny Malagasy amin'ny taniny mba tsy hisy intsony ny doro-tanety, ny fanapahana ny ala, sy ny fanaovana tavy.

Ankoatra izany, dia anisan'ny nimasoan'ny Mpikambana ny nitondra ny anjara birikiny amin'ny ezaka hametrahana na hamerenana ny fandriampahalemana any amin'ireo toerana tena mbola anjakan'ny dahalo. Azo raisina ho ohatra amin'izany ny any amin'ny Faritra Melaky, ka anisan'ny vaha-olana nentin'ny mponina hanalefahana izany tsy fandriampahalemana izany, ny fisian'ny "DINA" ary dia io indrindra no nahatonga ny delegasiona hihaona tamin'ireo Mpikambana ho amin'ny DINA "*Fikambanana Tsy Resy Tosika*", tarihin'Andriamatoa FOARA, tany Besalampy. Tsapa mantsy fa ny DINA miainga ifotony no mahomby.

Nivoitra tamin'ireo fihaonana ireo fa ny rehetra dia tena manantena tokoa ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*", noho ny tsy fironany amin'ny atsy na ny aroa amin'ny fanatanterahany ny andraikiny.

Ireto avy ireo toerana notsidihana sy ireo daty nanatanterahana izany :

- Besalampy, Faritra Melaky : 12-27 Jolay 2018
- Antsohihy, Faritra Sofia : 16 Aogositra 2018
- Mahajanga, Faritra Boeny : 06-07 Septambra 2018

## F- Faritany TOAMASINA :




*Fidinana tany Fenoarivo Atsinanana*

Toa ireo natao tany amin'ny Faritany hafa, dia nisy ireo fitsidihana ho fampahafantarana sy fanentanana izay rehetra mikasika ny *"Conseil du Fampihavanana Malagasy"*, indrindra fa ny fotokevitra ijoroany dia ny fahaleovantena sy ny tsy fitongilanana ary ny fahaiza-mihaino. Maro ireo fifanakalozana natao ka nandraisana ny hetahetan'ny mponina tany an-toerana. Anisan'ny voatsipika tamin'izany ny tsy fandriampahalemana any amin'ireo toerana mpamokatra toy ny any amin'ny Distrikan'i Mananara Avaratra sy Maroantsetra, hany ka mirongatra ny fitsaram-bahoaka.

Nisy ny Atrikasa nandinihana ny lohahevitra « ***Fifidianana mitondra Fitoniana ao anatin'ny Fampihavanana*** », ka nivoitra avy tamin'izany ireo tolo-kevitra maro izay heverina fa hitondra fampandrosoana, toy ny fanomezana hasina indray ireo Olobe (Ampanjaka, Tangalamena), ny maha-zava-dehibe ny fitodihana indray amin'ny Soatoavina, ny fametrahana Fitoniana amin'ny zotra-pifidianana, satria tsapa fa tsy hisy Fampihavanana ary tsy hisy Fampandrosoana raha tsy misy Fitoniana.

Ireto avy ireo toerana notsidihana sy ireo daty nanatanterahana izany :

- Toamasina, Faritra Atsinanana : 20-23 Avrily 2018
- Fenoarivo Atsinanana, Faritra Analanjorofo : 14-17 Jolay 2018
- Amparafaravola, Faritra Alaotra Mangoro : 31 Aogositra 2018
- Vatomandry, Faritra Atsinanana : 18 Septambra 2108
- Mahanoro, Faritra Atsinanana : 19 Septambra 2018
- Ambatondrazaka, Faritra Alaotra Mangoro : 28 Septambra 2018.

## G- Faritany TOLIARA :





*Fidinana tany Morondava nahitana ny Mpanolotsaina NADJATY Binty Mohamed Aly*

Ireo fihaonana samihafa natao dia nahatsapana ny fahavononan'ireo Mpiantsehatra isan-tsokajiny hifanome tànana amin'ny « *Conseil du Fampihavanana* ». Maro koa ireo naniry ny hananganana ny Rantsamangaika isaky ny Distrika sy Kaominina.




*Atrikasa tany Toliara*







Nisy koa ireo disadisa izay niantsoana indrindra ny Mpikambana mba handray anjara tamin'ny fandaminana niaraka tamin'ireo Olobe tany an-toerana, toy ny tany:

- Malaimbandy Distrika Mahabo izay nandraisana anjara tamin'ny fandaminana ny disadisa nisy teo amin'ireo olom-boafidy anankiroa.
- Faritra Atsimo Andrefana izay nanaovana fihaonana niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra ara-panjakana sy ireo zanadriaka ary ireo Fokonolona mivelona amin'ny ranomasina, mba handaminana ny disadisa misy eo amin'ny orin'asa iray sy ireo mpanjono, izay tsy nanaiky ny hitrandrahan'io orin'asa io ny fasimainty any an-toerana. Nomena tombon-dahiny tamin'izany ny kolon-tsaina fifampiresahana mba ho fampandrosoana ny Faritra.
- Toliara mba ho famaliana ny antso nataon'ireo mponina tany an-toerana noho ny disadisa nateraky ny fahafatesana zazavavy iray ka nahatonga korontana sy fitsaram-bahoaka.

Ireto avy ireo toerana notsidihana sy ireo daty nanatanterahana izany :

- Mahabo, Morondava, Faritra Menabe : 02-12 Febroary 2018
- Toliara, Faritra Atsimo Andrefana : 21 Jolay 2018
- Morondava, Faritra Menabe : 26 Jolay 2018
- Miandrivazo, Faritra Menabe : 18 Aogositra 2018
- Morondava, Mahabo, Manja, Belo/Tsiribihina, Miandrivazo, Faritra Menabe**:** 13 Septambra-22 Septambra 2018.
- Toliara, Faritra Atsimo Andrefana : 12 Oktobra 2018

# IV. FANAMAFISANA FAHAIZA-MANAO

- Fanamafisana ny fahaiza-manao, mikasika ny "tambatra fepetra » na « justice transitionnelle » nanomboka ny 09 ka hatramin'ny 12 Avrily 2018 tao Antsirabe, nokarakarain'ny HAUT-COMMISSARIAT DES NATIONS UNIES AUX DROITS DE L'HOMME (HCDH), tamin'ny alalan'Andriamatoa Omer KALAMEU, Mpanolontsaina Ambony momba ny Zon'olombelona, ao amin'ny PNUD;



*Fanamafisana fahaiza-manao ny Mpikambana CFM, tan-tsoroka HCDH, tao Antsirabe*

- Team Building, ny 05 sy 06 Jolay 2018, nokarakarain'ny Fondation Friedrich Ebert Stiftung (FES) tao amin'ny Maison Beau Berger, Ambatoroka – Antananarivo nifototra tamin'ny lohahevitra: "Fitsipi-pitondratena sy Tantara". Novelabelarina tamin'izany ihany koa ireo lohahevitra momba ny"Fifidianana / Fanorenana ifotony".

- Ny 07 Novambra sy 19 Desambra 2018: Fandraisana anjara mavitrika tamin'ny sampan-draharaha mpanara-maso natao tao amin'ny foiben'ny PEV / ECES Antsahavola, mba ahazoana antoka amin'ny fampizorana milamina ny fifidianana, mamantatra ny tsy fahatomombanana sy ny fisorohana araka izay azo atao, amin'ny fiezahana hitondra vahaolana mifanentana.

- Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanara-maso mikasika ny Zon'Olombelona ny 30 sy ny 31 Oktobra 2018 tao amin'ny Hotely Carlton Anosy Antananarivo: izany dia ho fanampiana ny Governemanta Malagasy amin'ny fihazonana ny zava-bita ara-demokratika, sy ho fanatanterahana fifidianana malalaka, marina, mangarahara, handraisan'ny daholobe anjara, ary eken'ny rehetra. Ny "Haut-Commissariat aux Droits de l'Homme" (HCDH) dia nanana ny paikady "Zon'Olombelona sy Fifidianana" mba hampiroboroboana ny fandraisan'anjaran'ireo Mpiantsehatra eto amin'ny Firenena, amin'ny fisorohana ny herisetra amin'ny fifidianana sy ny fanitsakitsahana ny Zon'Olombelona, indrindra any amin'ny faritra marefo. Noho izany indrindra, no niangaviana ireo Mpikambana ato amin'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » mba ho mpanara-maso sy hiantoka any amin'ny Faritra niaviany avy ny hamantatra ireo izay mety ho herisetra amin'ny fifidianana sy ny fanitsakitsahana ny Zon'Olombelona mandritra ny fizotry ny fifidianana 2018.
  Nisy Boky Torolalana sy ny Dina ho fitsipi-pitondran-tena mahitsy nomen'ny mpanara-maso momba ny Zon'Olombelona, ary koa antontan-taratasy ilaina amin'ny fanatanterahana ireo iraka. Koa dia nandray ny andraikiny ireo Mpikambana ary nandefa mivantana tamin'ny HCDH ny tatitr'ireo tranga voamarina.

# V. TRANGA LEHIBE — FIHAONANA SY FIFAMPIRESAHANA

- Fandraisana anjara tamin’ny Atrikasa «Tetika ho Fanohanana amin’ny Fisorohana sy ny Fitantanana ny Fifandonana sy Herisetra mety hitranga amin’ireo Fifidianana» (PEV), novatsian’ny Vondrona Eoropeanina ary nokarakarain'ny Ivontoerana Eoropeanina ho an'ny Fanohanana ny Fifidianana (ECES) tao Antsahavola ny 24 sy 25 Jolay 2018;

- Fihaonana tamin'ireo misionera avy amin'ny EISA (Institut Electoral pour une Démocratie Durable en Afrique) sy avy amin’ny "CARTER CENTER" teto amin'ny Foiben'ny *« Conseil du Fampihavanana Malagasy »*, ny 08 Aogositra 2018. Lohahevitra noresahina: "Ahoana no hizorana ho amin’ny fifidianana demokratika".

- Fandraisana anjara tamin'ny fivorian'ireo Andrimpanjakana vao miorina na "Institutions émergentes ", nokarakarain'ny Ministeran’ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana (MCRI), ny 28 Aogositra 2018 tao Nanisana Antananarivo.

- Fakan-kevi-pirenena amin’ny sehatra maro mikasika ny « Ny fanombanana ny mamparefo ny Rafitra» nokarakarain'ny Sekretaria Jeneraly ny COMESA tao amin'ny Hotel Carlton Anosy Antananarivo, nanomboka ny 22 ka hatramin’ny 26 Oktobra 2018: ny fandraisana anjaran’ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » dia tena nilaina, noho ny andraikitra nomena azy araka ny lalàna, indrindra mandritra ny vanim-potoanam- pifidianana, ary ankoatra izany, dia misongadina ao anatin’ny Fandaharan’asan’ny COMESA “Fandriampahalemana sy Fitoniana”, ny maha-zava-dehibe ny fametrahana eto anivon’ny Firenena ny Rafitra fampandrenesana mialoha ny mety ho fifandonana hitranga eo anatrehan’reo rafitra mbola marefo, ka voakasik’izany i Madagasikara sy ireo faritrin’ny COMESA.

  Ny fakan-kevitra koa, ankoatra ireo, dia mikasika ny fampahafantarana ny metôdôlôjia, ireo adihevitra amin’ny fomba mahomby hahafantarana ireo paikady amin’ny valim-panontaniana ilaina, ireo fomba tokony atao raha hanangana rafitra ho fiarovana ny rafitra marefo eto amin’ny Firenena.

- Atrikasa momba ny «Fepetra sy Paik’ady arahina mba tsy hisian’ny krizy amin'ny fifidianana ho Filoham-pirenena fihodinana faharoa», nokarakarain'ny *"Conseil du Fampihavanana Malagasy "* tao amin'ny Hotely Panorama ny faha 06 Desambra 2018. Nasaina tamin’izany ireo Andrim-panjakana, ny Vondron’ny Fiarahamonim-Pirenena, ary ireo mpikambana ao amin’ny Komity Iombonana ho amin’ny Dina.

Toy izao ireo hevitra nivoitra avy amin'izany:

**MIALOHA NY FIFIDIANANA:**

- Fizarana mialoha ireo kara-pifidianana tsy voazara tamin'ny fifidianana fihodinana voalohany.
- Fanolorantena, tsy misy tambiny, ataon'ny Fiarahamonim-pirenena ny amin'ny fahavononan'izy ireo hanampy amin'ny fizarana ny kara-pifidianana eny anivon'ny Fokontany.
- Fanamafisan'ny CENI, ny fanaraha-maso ny toerana fandatsaham-bato: fisian'ny fampitaovana toy ny latabatra, seza, solaitrabe, fitoeran-jiro, fepetra takiana amin'ny ora fisokafana sy fikatonan'ny birao fandatsaham-bato, amin'ny fisian'ny delegen'ny kandidà.
- Fanomezana ara-dalàna amin'ireo mpitandro filaminana mamita iraka, ny taratasy (« ordre de mission na ordre de service) hahafahan'izy ireo mifidy ao amin'ny biraom-pifidianana hanatanterahany ny asany.
- Fiheverana mialoha an'ireo fepetra tokony horaisina amin'izao fotoam-pahavaratra izao, satria ny orana no fahavalon'ny fanaterana ny fitaovana ilaina amin'ny fifidianana.

**AORIAN'NY FIFIDIANANA :**

- Fanaovana peta-drindrina ankarihary ny voka-pifidianana, eo anoloan'ny biraom-pifidianana.
- Fanangonana ny voka-pifidianana amin'ny alalan'ny angidim-by irery ihany, nohon'ny tsy fahafahan'ireo tompon'andraikitra manao dia an-tongotra an-kilaometatra maro amin'ny tamby 15 000 ariary omena azy ireo.
- Fanomezana baiko ny filohan'ny SRMV, mba handefasan'izy ireo haingana ny valim-pifidianana.
- Fanomezana alalana an'ireo kandida roa, mba horaisin'izy ireo ao amin'ny logiciel, ny vokatra tonga ao amin'ny SRMV mankany amin'ny CENI any an-toerana.
- Fiandraiketan'ny CENI ny vokatry ny fifidianana vonjy maika, ny Fitsarana Avo Momban'ny Lalampanorenana no tompon'andraikitra amin'ny valim-pifidianana ofisialy farany.

**MIKASIKA IREO KANDIDA**

- Fananana fihetsikin'ny Raiamandreny, satria ho Mpitarika ny Firenena ny iray amin'izy ireo ka tokony ho: mendrika, mifanaja, tsy mifanaratsy na mifampihantsy, fa ny Fitiavan-tanindrazana no ambonin'ny rehetra.
- Fangatahana azy ireo mba hanao adihevitra fa tsy adilahy.
- Fiangaviana azy ireo hanao sonia ny Dina.
- Faniriana ny hisian'ny Dinan'ny mpifaninana, hatambatra ao ireo teny filamatr'izy ireo, ka ampanjakaina ny Fanahy maha-olona.

- Fiangaviana azy ireo ihany koa mba hanao adihevitra ampahibemaso ka omen-danja ao ireo teny filamatra ireo.

**MIKASIKA NY MPIFIDY**

- Fandehanana haka ny karatra any amin'ny biraom-pokontany, ho an'ireo izay mbola tsy nahazo.

**TOROMARIKA HAFA**

- Fametrahana rafitra iray hanaramaso ny fampiharana ny Toromarika nivoaka tamin'ity Atrikasa ity.
- Fifehezana ny serasera amin'ny  tambazotra sosialy (Facebook) mba hialana amin'ny teny mamoafady sy manafintohina.
- Fanentanana an'ireo mpanao gazety mba tsy hitanila amin'ny kandidà iray ka hanome vahana azy ary haha-latsa-danja ny mpifaninana aminy, amin'ny alalan'ny asa serasera ataony.
- Fanantitranterana fa azo atao amin'ny fotoana rehetra ny miantso ny nomerao maitso an'ny tetikasa FANDIO: 0343081020 na 0323203232 amin'ny fampitàna na fampahalalana vaovao mikasika ny fifidianana.

**ASA LAVITRA EZAKA**

- Fananganana sehatra ifampiresahana na "espace de dialogue » eny anivon'ny Faritra sy Faritany rehetra.
- Fanafoanana ny kara-pifidianana, ary fampiasana irery ihany ny karapanondrom-pirenena, toy ny any amin'ireo tany mandroso.

# VI. HETSIKA HO AMIN'NY FITONIANA:

## 1. Antso avo ho amin'ny Fitoniana, fahamendrehana sy fanajana ny "*FIHAVANANA*"

Ny «*Conseil du Fampihavanana Malagasy*» dia matoky tanteraka ny lanjan'ny Soatoavin'ny "*Fihavanana*", koa dia nanao Antso avo, tamim-panajana, nandritra ny taona, ho amin'ny filaminana sy Fitoniana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra.

Satria haverina hatrany fa ny fifidianana teto Madagasikara dia niteraka krizy lalina niverimberina izay namela takaitra goavana teto amin'ny Firenena ary nitarika ny fahaverezan'ny Soatoavin'ny fahamendrehana sy ny lafiny rehetra ara-moraly.

Ny vahoaka Malagasy anefa dia tena mangetaheta filaminana sy Fitoniana, fepetra takian'ny fiaraha-monina milamina mba hisian'ny fampandrosoana maharitra.

Koa natao àry ireo Antso avo ho amin'ny fiaraha-mientan'ny Hery Velona rehetra eto amin'ny Firenena: Mpiantsehatra ara-politika, ara-tsosialy sy toekarena, ny Fiarahamonim-pirenena, ireo Mpitandro filaminana, ireo Manam-pahefana ara-panjakana, ireo Mpitarika ara-pivavahana sy ara-drazana, ireo eo amin'ny fampahalalam-baovao, ireo vehivavy sy ireo tanora.
Toy izao raha fehezina ny voalaza tamin'izany: Ny tsirairay no tokony hiara-mientana ho amin'ny fanajana ny « *Fihavanana* », izay andrin'ny Soatoavina Malagasy: mifanaja, misoroka ny fihantsiana, mametraka ny kolontsain'ny fifanakalozan-kevitra mba hanamafisana orina ny fitiavan-tanindrazana, tsy mikely soroka na dia eo aza ny toe-javatra sarotra iainan'ny Firenena.

Tamin'ny alalan'ireo Antso ireo dia nanamafy indray ny fahavononany hanohy hatrany ny andraikitra rehetra efa noraisiny ny *"Conseil du Fampihavanana Malagasy"*.

Nanao Antso avo tamin'ireo izay hita fa mihoa-pefy ihany koa izy. Toy ny natao tamin'ny kandidà iray ho Filoham-pirenena, noho ny fihetsika sy ireo teny mampahonena nataony tamin'ny fianakaviamben'ny Mpitandro filaminana, izay mbola nisaona ireo namany namoy ny ainy, noho ny fitsaram-bahoaka.

Etsy ankilany kosa, dia fisaorana no natolotra ireo izay nikajy ny Fitoniana. Toy ny fisaorana natao tamin'ireo Mpiantsehatra samihafa, na tera-tany na ireo eo anivon'ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena, tamin'ny fitondran'izy ireo ny traikefany mba hisian'ny Fitoniana.

Noraisina mba ho fitadidy ihany koa ny fihetsika nasehon'ireo tomponandraikitra misahana ny filaminam-bahoaka, tamin'ny fihetsika sy fanambarana nataon'izy ireo mba hitandroana ny famarinan-toeran'ny Firenena.

Amim-panetretena no anambaran'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » fa nitondra tokoa ny anjara birikiny ho fametrahana ny Fitoniana eto amin'ny Firenena izy.

## 2. « *Fampihavanana* » ho fivoahana amin'ny krizy:

Nisy ny fihetsiketsehana notarihin'ireo solombavambahoaka miisa 73, teny amin'ny kianjan'ny 13 Mey. Nitrangan'ny fifandonana izany, ny 21 Avrily 2018, ka nisy ireo naratra, tao koa ireo namoy ny ainy. Amin'ny maha Mpampihavana azy, ary mba tsy hisian'ny krizy vaovao indray, dia nandray ny andraikiny ho amin'ny fikarohana vahaolana ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy* ».
Natao àry ireo fihaonana, niaraka tamin'ireo Mpiantsehatra noheverina fa ho afaka hitondra anjara biriky ho amin'ny "*Fampihavanana*":

- 24 Avrily 2018: Fihaonana tamin'ny filohan'ny FFKM;

- 24 Avrily 2018: Fihaonana tamin'ireo raiamandreny ara-drazana avy any amin’ny Faritra sy teto Antananarivo, naompana tamin'ny fikarohana ny paika rehetra hahatongavana amin’ny Fampihavanam-pirenena, indrindra fa amin’ny vanim-potoanan’ny krizy;
- 25 Avrily 2018: Antso ho amin’ny Fitoniana sy fameran-tena, nalefa tamin'ny haino aman-jery;
- 26 Avrily 2018: Fihaonana tamin'Andriamatoa Filohan'ny Antenimieran-doholona sady Filohan'ny Antoko HVM;
- 30 Avrily 2018: Fanohizana ny fifanakalozana tamin'ny FFKM (SEFIP);
- 3 Mey 2018: Fihaonana tamin'ny Filohan'ny FLM;
- 4 Mey 2018: Fihaonana tamin'ny vovonana politika ARMADA tao Ankerana.

Marihana fa maro ny fihaonana tamin'ireo Mpiantsehatra ara-politika, fa nisy ihany koa fihaonana natao tamin'ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena, toy ny: Vondrona Afrikanina, SADC, OIF, Mpiraki-draharaha Amerikanina, Vondrona Eoropeanina, PNUD.

## 3. Dingana ho fampihaonana an’ireo Filoham-pirenena:

**Fivoriana fanomanana:**

Ny 11 Mey 2018 sy ny 15 Mey 2018 tao amin'ny Nonciature Ivandry Antananarivo : dingana fanomanana ny mety ho fampihaonana miaraka, an’ireo Filoham-panjakana efatra, ny teo aloha sy ny amperin’asa: Andriamatoa RAJAONARIMAMPIANINA Hery, Andriamatoa RATSIRAKA Didier, Andriamatoa RAVALOMANANA Marc, Andriamatoa RAJOELINA Andry Nirina, izay samy naniraka ny solontenany avy:

- Andriamatoa isany RAKOTOVAO Rivo sy MAHARANTE Jean de Dieu, solontena avy amin’Andriamatoa RAJAONARIMAMPIANINA Hery, Filoha amperin’asa;

- Ramatoa RATSIRAKA Annick sy Andriamatoa Simon PIERRE, avy amin’Andriamatoa RATSIRAKA Didier Filoha teo aloha ;

- Andriamatoa isany ANDRIAMAHEFAPARANY Olivier Donat sy RAVATOMANGA Roland, ho an’Andriamatoa RAVALOMANANA Marc Filoha teo aloha;

- Andriamatoa RAMAHOLIMASY Pierre Houlder sy ANDRIAMANANORO Augustin, ho an’Andriamatoa RAJOELINA Andry Nirina Filoha teo aloha;

Ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » no nitarika ny Fihaonana .

Taorian’ny fiafaran'ny fivoriana indroa miantaona, dia tapaka fa ny "tahirin-kevitra hiasana" ho amin’ny fihaonan'ireo Filoham-panjakana efatra dia hisy Komity Teknika hanomana azy, ary ahitana ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » sy ny solontena iray avy amin’ireo Filoha tsirairay.

**Ny Komity Teknika**

Ny 17 Mey, 22 Mey ary ny 30 Mey 2018: fivorian'ny Komity teto amin'ny Foiben’ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » sy fandrafetana « Lasitra iaingana ».
Tsara ho marihina fa teo anelanelan’ireo fivoriana ireo, izany hoe ny 25 Mey 2018, dia namoaka fanapahan-kevitra laharana faha-18-HCC / D3 ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana, noho ny fitoriana nataon’ireo solombavambahoaka 73 mikasika ny fampitsaharana amin’ny asany ny Filoha amperin'asa.

**Ny Fihaonana an-tampony**





*CCI Ivato 31 Mey-01 Jona2018*

Ny 31 Mey ka hatramin'ny 01 Jona 2018 no natao tao amin'ny CCI Ivato ny fihaonana an-tampony izay nanasana ireo  Filoham-panjakana efatra.
Ny Filoha RATSIRAKA Didier no tonga namaly ny fanasana.
Maro ny olona tonga nanatrika, na nahazo fanasana na tsia, dia nampandrosoina avokoa satria andraikitry ny “*Conseil du Fampihavanana Malagasy*” ny fanomezana sehatra ifampiresahana. Nandray anjara tamin’io fihaonana io ireo solontenan'ny FFKM, ireo Mpiantsehatra politika, ireo raiamandreny ara-drazana, ireo eo anivon’ny Fiarahamonim-pirenena, ary ireo solontenan'ny fikambanana samihafa.

## Ireto avy ireo Lohahevitra nodinihina:

***Ny lohahevitra voalohany:*** Hevitra sy adihevitra momba ny fampiharana ny Fanapahana laharana faha 18- HCC / D3 tamin'ny 25 Mey 2018: inona ny fomba tokony  ho raisina hamahana ny krizy, araka ny fanapahan-kevitry ny Fitsarana Avo Momba ny

Lalampanorenana: manangana governemanta ifanarahana na misafidy ny fametrahana fifanarahana ara-politika?

***Ny lohahevitra faharoa:*** Ahoana no ahazoana fifidianana malalaka, mangarahara, ankatoavin'ny rehetra?

***Ny lohahevitra fahatelo:*** Ahoana no hiantohana ny fanajana ny fampiharana ireo vahaolana noraisina?

Ireo lohahevitra ireo dia manana tanjona iray ihany sy mitovy: ny *Fitoniana ara-politika*.

## Vokatra:

**Lohahevitra voalohany** mikasika ny fombafomba fampiharana ny Didy faha 18-HCC / D3 tamin'ny 25 Mey 2018 ny Fitsarana Avo Momba ny Lalàmpanorenana**:**
Ny krizy ara-politika amin'izao fotoana izao dia tsy noho ny zava-miseho ankehitriny, fa avy amin'ny olana nitambatambatra tsy voavaha nandritra ny taona maro. Ny Andininy faha-14, indrindra fa ny fametrahana fifanarahana ara-politika, dia ny vahaolana mety amin'izany krizy izany, mba hamoronana ny tontolo milamina.
Noho izany, ny fifanarahana politika izay napetraka dia tsy tokony hanome tombony ny Antoko sasany. Ny famolavolana ny fifanarahana ara-politika dia atao araka ireto fisainana manaraka ireto:

- Ny Fanorenana sy ny Fampihavanana dia tanterahina amin’ny fikarohana ny vahaolana amin’ny olana ara-piaraha-monina ankehitriny sy hanamboarana Lalampanorenana mifanaraka amin’ny Soatoavina malagasy;
- Ny tsy fiandanian’ny Praiminisitra vaovao sy ireo mpikambana ao amin'ny governemanta;
- Ny fandraisana anjaran'ny Antoko politika rehetra amin'ny fiainam-bahoaka;

**Lohahevitra faharoa** mifandraika amin'ny dingan'ny fanatanterahana fifidianana malalaka, mangarahara ary eken’ny rehetra**:**

Mba hahatongavana amin'ny fifidianana malalaka, mangarahara ary eken’ny rehetra, dia nihevitra ireo mpandray anjara fa ny fanaovana « fifidianana an-kamehana » dia tsy vahaolana mifanaraka amin'izany. Ny fampiharana ny fanatanterahana ireto dingana manaraka ireto no iangaviana:

- Fanorenana ifotony: mitady vahaolana amin'ny olana fototra eto amin'ny Firenena, manatanteraka asa fanavaozana, indrindra amin'ny lalàna momba ny fifidianana, ary ny Lalàmpanorenana.
- Fampihavanana mba hananganana tontolo milamina ho amin’ny fifidianana;
- Fametrahana rafitra iray hiantohana ny tsy fiandanian’ireo rafitra mandrindra ny fifidianana, mba ahafahana miantoka ny fitoviana ho an'ny kandidà ary manohana ny fifidianana andraisan’ny rehetra anjara;

- Dinika nasionaly ilaina amin'ny famahana ny krizy ara-politika ary tsy azo iodivirana mialoha ny fifidianana ho Filoham-pirenena, izay ampiharina amin'ny fifanarahana ara-politika, ka ny fivoriana amin'izao fotoana izao no hivoahany voalohany.

**Lohahevitra Fahatelo** mifandraika amin'ny fomba fanaraha-maso ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitra noraisina**:**

Niaiky ny mpandray anjara fa ny fandraisana anjaran'ny raiamandreny malagasy, amin'ny maha tompon'andraikitra ara-moraly azy ireo, dia anisan'ny manome antoka ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitra noraisina nandritra io fivoriana io. Raiamandreny avokoa: ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* », ny FFKM, ireo raiamandreny ara-drazana, ny eo anivon'nyTafika Malagasy.

**<u>Ho famehezana ity Atrikasa ity:</u>**

Na dia teo aza ireo olona sasantsasany nanana toetsaina hanakorontana, dia heverina fa ny fanapahan-kevitra nivoaka avy tamin'io fihaonana io dia Tahirin-kevitra sarobidy, ho amin'ny Fitoniana sy ny Fampihavanana.

Ny *"Conseil du Fampihavanana Malagasy"* dia manana andraikitra sy adidy hanangana sehatra ho an'ny fifanakalozan-kevitra mba hamporisihana ireo Olom-pirenena hanao ady hevitra malalaka. Miisa 199 ireo mpandray anjara.

Ny roa andro nifanakalozana dia nizotra tamim-pahatoniana sy tamim-pirahalahiana. Ny antsasak'adiny mialohan'ny famaranana no ninian'ireo olom-bitsy nokorontanina. Na dia teo aza izany, ny fomba toy izany akory tsy hampiraviravy tànana ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* ».
Raha atao sary an-tsaina dia toy ny hoe: misy raiamandreny miantso ireo zanany mba hifampiresaka sy hiady hevitra momba ny fiainana sy ny hoavin'izy ireo. Koa raha misy amin'ireo zanaka ireo, mampiseho toetra tsy mendrika sy tsy matotra, dia tsy mety ary tsy tokony anomezana tsiny mihitsy ireo raiamandreny izany.

## 4. Ho amin'ny fifidianana Filoham-pirenena milamina

Tao anatin'ny dingan'ny Fitoniana ihany, dia natao ny famolavolana Dinan'ny fitsipi-pitondrantena mendrika ho an'ireo kandida amin'ny fifidianana Filoham-pirenena. Teo ambany fitarihan'ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy"* no nanaovana izany.
Nijoro tamin'ny volana Aogositra 2018 ny Komity Iombonana ho an'ny Dina, ivondronan'ireo Andry sy Rafitra ara-panjakana ary koa ny Fiarahamonim-pirenena.

Io Komity io dia ahitana vondrona miisa roambinifolo (12):

- Ireo Rafitra ara-panjakana, etsy andaniny: Ny *"Conseil du Fampihavanana Malagasy" (CFM),* ny Vaomiera Mahaleotena momba ny Fifidianana (CENI), ny

Vaomieram-pirenena Mahaleotena momba ny Zon'olombelona (CNIDH), ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tandalàna (HCDDED), ny Komity Miaro ny Fahamendrehana (CSI), ny Birao Mahaleotena Miady amin’ny Kolikoly (BIANCO), ny Sampandraharaha Malagasy Iadiana amin’ny Famotsiam-bola (SAMIFIN),

- Ireo Vondrona eo anivon’ny Fiarahamonim-pirenena, etsy ankilany: "Tetikasa FANDIO"(Fifidianana Antoka ho an’ny Daholobe Ifantenana Olombanona), ONG "TOLOTSOA", "Transparency International Initiative Madagascar", "ROHY" (Rindran’ny Olompirenena Hiarovana ny Iaraha-manana), « Justice et Paix ».

Ny *"Conseil du Fampihavanana Malagasy"* dia nanome toky, ireo mpikambana ao amin'ny Komity, ny fahavononany handray ny andraikitry ny MPAMPIOMBONA mba hanatanterahana tsara io dingana io.

Toy izao manaraka izao ny dingana natao:

## a. Famolavolana sy fifanatonana

- Nandritra ny volana Aogositra 2018: famolavolana ny Dina
- Nanomboka ny 31 Aogositra 2018 ka hatramin'ny 13 Septambra 2018: fanatonana mivantana ireo Kandidà, na ny solontenan'izy ireo, notolorana dika mitovy amin'ilay volavolan’ny Dina ahafahan’izy ireo manao ny fanatevenana raha ilaina, ary dia nasaina ihany koa izy ireo hanatrika ny fanolorana ny dikan-teny farany amin'ny Dina. Tamin’ny ankapobeny dia nandray tamin-kitsim-po ireo rehetra izay nohatonina.

- 20 Septambra 2018 teto amin'ny Foiben’ny *“Conseil du "Fampihavanana Malagasy":* fanolorana ny dika farany amin'ny Dina. Ny 28 amin’ireo kandidà 36 no namaly ny antso, nandefa solontena, afa-tsy ny kandidà iray, Andriamatoa ANDRIANTSEHENO Marcellin, izay nanatrika mihitsy. Tsara ho marihina ihany koa fa ny Kandidà iray, Andriamatoa RATSIRAKA Didier Ignace, dia naniraka ny solontenany, nametraka ny dika mitovy amin'ny Dina vita sonia sy voaisy tombokase.
  Ny ankamaroany dia naneho ny ahiahiny momba ny lanja sy ny fanajana ny Dina noho izy tsy manana hery toy ny lalàna.
  Nandritra io fanolorana io, narahana valandresaka ho an’ny mpanao gazety, dia nanasongadina ireo Andry dimy amin’ny Dina ny Komity Iombonana:

    - Ny fifandraisana lalina amin'ny "Soatoavina Malagasy"
    - Ny fangaraharana amin'ny famatsiam-bola amin'ny fampielezan-kevitra.
    - Ny tsy fampiasana herisetra.
    - Ny fanajana ny Lalàna.
    - Ny fanekena ny voka-pifidianana.

**b. 03 Oktobra 2018, tao amin'ny efitrano fivorian'ny Ministeran’ny Raharaham-bahiny** (MAE): **Lanonana ofisialy fanaovan-tsonia ny Dina**.

Ny *"Conseil du Fampihavanana Malagasy"* no nitarika ny lanonana. Solontena iray avy amin’ny Fiarahamonim-pirenena no nitana ny andraikitry ny Mpitarika ny lanonana ofisialy, ary ny iray hafa, nanao ny fanolorana ara-teknika ny Dina.

Kandidà 23 no namaly ny antso: nisy tonga mivantana, tao ireo nandefa solontena. Kandidà 06 no nanao sonia avy hatrany ny boky Volamena mirakitra ny Dina; 05 nandà tsy hanao sonia. Ireo solontenan'ireo kandidà 12 hafa dia nanome toky fa hanao sonia ny Dina ny kandidàny.

Miisa 13 ireo Kandida nanao sonia ny Dina, dia Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | |
|---|---|
| 1 | RASOLOFONJOA Andriakajamalala |
| 2 | RAKOTOFIRINGA Richard Razafy |
| 8 | RABARY Andrianiaina Paul |
| 9 | RABEHARISOA Saraha |
| 10 | RADAVIDSON ANDRIAMPARANY B |
| 12 | RAJAONARIMAMPIANINA R. HERY |
| 22 | MAHAFALY S. Olivier Jocelyn |
| 23 | RADILOFE Mamy Richard |
| 27 | RAVELONARIVO Jean |
| 28 | RANDRIAMORASATA Solo Norbert |
| 30 | RASOLONJATOVO Falimampionona |
| 31 | RAKOTOMAMONJY Jean Max |
| 36 | RASOLOVOAHANGY Roseline Emma |

Nandritra ny valandresaka ho an’ny mpanao gazety, dia nanamafy ny Komity fa tsy mifantoka amin'ny isan’ny sonia izy, izay tsy voatery ho endriky ny fahombiazana, fa ny zava-dehibe dia ny Mpiantsehatra eto amin’ny Firenena resy lahatra ary manana fahatsoram-po, handray andraikitra ho amin'ny fifidianana malalaka, azo antoka ary milamina.

**d. Fanaraha-maso ny Dina ara-pitsipi-pitondrantena mendrika**

Mba hisian’ny fanaraha-maso mahomby eo amin’ny fanajana ny Dina, dia nisy rafitra iray napetraka. Misy koa Torolalana natao hamaritana tsara ny asa hotanterahina sy ny toetra tokony ananan’ny Mpanaramaso. Mba handanjalanjana tsara ny fanajana ny Dina, dia nisy fomba fanangonana vaovao napetraka, nisy tabilao fikajiana, ary koa tabilao antsipiriany ahafahana manamarina tsara izay voalaza. Ny asa fanaraha-maso dia voarindra hatraty amin’ny Foibe ka hatrany amin’ny Faritra. Tafapetraka àry ny rafitra fanaraha-maso ny fampiharana sy ny fanajàna ny Dina, ary ny vokany dia nampahafantarin’ny Komity Iombonana ampahibemaso isan-kerinandro.

Tsara ny mampahatsiahy fa araka ny voalaza ao amin'ny Dina, ny fanaraha-maso dia mahakasika ny fitondran-tenan'ireo Kandidà 36 sy ireo mpanohana azy, mialoha, mandritra ary aorian'ny latsabato.

# VII. TATITR'IREO VAOMIERA

## A. VAOMIERA MISAHANA NY « FAHAMARINANA SY FAMELAN-KELOKA”

### 1. Firafitra

Ny Vaomiera misahana ny « Fahamarinana sy Famelan-keloka » dia manana iraka manokana amin'ny fitadiavana ny marina mikasika ireo tranga sy toe-java-misy mahakasika ireo raharaha itarainan' ireo mpitory milaza ho niharam-boina nandritra ny raharaha politika teo anelanelan' ny taona 2002 ka hatramin' ny fiafaran'ny Tetezamita, mba hatongavana amin'ny famotsoran- keloka.

Enina ireo mpanao famotorana avy amin' ny Zandarimariam- pirenena sy ny Polisim-pirenena no miara- miasa manatevina ny ekipa misahana ny famotorana eo anivon'ny Vaomiera.

Ramatoa Filohan'ny Vaomiera no misahana ny fandrindrana ankapobeny, miaraka amin'ireo Mpandrindra mpanampy. Mpanolotsaina telo izay mpikambana amin'ny Vaomiera no misolo tena azy ao amin'ny ekipa iombonana. Miara-miasa ao ihany koa ireo tompon'andraikitra telo avy amin' ny "Direction d'Appui à la Réconciliation". Mpitondra « moto » iray no nanankinana ny fizarana ireo fiantsoana.

### 2. Fizotran'ny asan'ny ekipa iombonana misahana ny famotorana

Nanomboka ny 6 Aogositra 2018 ny asan'ny Vaomiera.

- Ny volana Aogositra 2018 no natao ny fihainoana an'ireo mpitory. Mitotaly 14 no nohenoina, 14 ny fitanana an- tsoratra natao ka ny 02 fangatahana famotsoran-keloka, 08 fangatahana fanarenana ny asa (fampiakarana grady), 12 fangatahana fanonerana sy onitra.
- Ny volana Septambra 2018 : 23 no nohenoina ary **23** ny fitanana an- tsoratra ka 06 fangatahana famotsoran-keloka, 08 fangatahana fanarenana indray ny asa, 17 fangatahana fanonerana sy onitra, 03 vavolombelona nohenoina.

- Ny volana Oktobra 2018 : 41 nohenoina, 41 ny fitanana an- tsoratra ka 03 fangatahana famotsoran-keloka, 07 fangatahana fanarenana ny asa (fampiakarana grady), ny 41 fangatahana fanonerana sy onitra, 00 vavolombelona nohenoina.
- Ny volana Novambra 2018 : 43 nohenoina, **43** ny fitanana an- tsoratra ka 01 fangatahana famotsoran-keloka, 03 fangatahana fanarenana ny asa (fampiakarana grady), ny 40 fangatahana fanonerana sy onitra, 02 vavolombelona nohenoina.
- Ny volana Desambra 2018: **18** nohenoina ary **18** ny fitanana an- tsoratra ka **02** fangatahana fanarenana indray ny asa (fampiakarana grady), ny **18** fangatahana fanonerana sy onitra.

Toy izao ny tabilao mandravona ny isan' ireo antontan- taratasy voakirakira isam-bolana nandritra ny taona 2018

| | **AOGOSITRA** | **SEPTAMBRA** | **OKTOBRA** | **NOVAMBRA** | **DECEMBRA** | **TOTAL** |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **FAMOTSORAN-KELOKA** | 02 | 06 | 03 | 01 | 02 | **14** |
| **FANARENANA NY ASA** | 08 | 08 | 07 | 03 | 02 | **28** |
| **FANONERANA SY ONITRA** | 12 | 17 | 41 | 40 | 18 | **128** |
| **VAVOLOMBELONA** | 00 | 03 | 00 | 02 | 00 | **05** |

## 3. Tomban'ny zava-bita

Vanim-potoana teo anelanelan'ny 23 Aogositra ka hatramin'ny 07 Desambra 2018:

- Isan'ireo olona nohenoina:**137**
- Vavolombelona: 05
- Fangatahana fanarenana grady: **28**
- Fanonerana sy onitra: **128**
- Fangatahana famotsoran-keloka : **14**
- Adiresy tsy hita : **11**
- Totalin'ny onitra angatahina : **68 585 110 225 Ariary, 56 700 $, 637 212 Euros**

***Mikasika ny fangatahana famotsoran-keloka***

Miisa 07 ny isan'ny fangatahana voarain'ny *"Ny Conseil du fampihavanana Malagasy"*.

Ny antontan-taratasy miisa 52 dia efa tamin ny fotoanan'ny "Filan-kevitry ny Fampihavanana Malagasy".

Ho fanajana ny lalàna, dia efa nisy ireo fangatahana nalefa tany amin'ny Vaomiera Manokana Mahaleotena ho an'ny Famotsoran-keloka, eny anivon'ny Fitsarana Tampony, mba hakàna ny heviny omban'antony. Ny *"Conseil du fampihavanana Malagasy"* no tompon'ny fanapahan-kevitra farany ary tsy azo anaovana fampakarana intsony izany.

Ny fahataran'ny fikirakirana ny antotan-taratasy dia vokatry ny tsy mbola maha- amperin' asa io Vaomiera Manokana io. Momba izany dia efa nisy ny fifampiresahana tamin'ireo tompon'andraikitra.

## B. VAOMIERA MISAHANA NY « FANONERANA/FANGATAHANA ONITRA"

### 1. Firafitra

Araka ny lalàna laharana faha 2016-037 tamin ny 02 Februoary 2017 ao amin ny andininy faha 45, ny Vaomiera dia manatanteraka ny asany miainga amin'ireo antontan-taratasim-panadihadiana sy ikatsahana ny marina izay efa notontosain'ny Vaomiera misahana ny "Fahamarinana sy Famelan-keloka".

Folo ireo Mpikambana mandrafitra ny Vaomiera.

Ankoatra ny Birao izay ahitana ny Filoha, ny Filoha Lefitra sy ny Mpampakateny, dia manana ekipa ara-teknika mpanampy ihany koa ny Vaomiera, ary ahitana Mpanolotsaina, Mpanampy sy Sekretera manokana.

### 2. Toe java-misy

Mba hampahomby ny andraikitra, dia naompana tamin'ny famolavolana paik'ady ankapobeny sy ny fomba fiasa ahafahana mametraka tsara ny fitokisana, no asa voalohany nataon'ny Vaomiera.

Napetraka ireo fitsipika tsy maintsy arahina mba hisian'ny fahatokisana ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*", ka izany dia miompana amin'ny fitarihana an'ireo Mpiantsehatra momba ny Fampihavanam-pirenena, toy ny FFKM, sy ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny Andrimpanjakana, mba hanome lanja ny asa vitan'ny "*Conseil du Fampihavanana Malagasy*", ary torak'izany koa ireo eo anivon'ny Fianakaviambe Iraisampirenena, satria tena zava-dehibe ny ho enti-manana amin'ny Fanonerana sy Fanomezana onitra.

### 3. Fomba fiasa

Namaritra fomba fiasa ny Vaomiera, tamin'ny alalan'ny famoahana tondrozotran'ny paika sy fomba ho ampiasaina, toy ny famantarana sy fanaraha- maso ireo antontan-taratasy ary fandaharan'asa ihany koa.

- Andraikitra
  Misahana ny fanaraha-maso ireo antontan-taratasy mikasika ny fanonerana sy fandoavana onitra**.**
- Fitsipika
  Mametraka rafitra ahafahana mahazo haingana ny antontan-taratasy sy ny fanaraha-maso ny fikirakirana azy ireo.

## 4. Asa vita

- Fanadihadiana savaravina ahafahana manamarina ny maha azo raisina ireo antontan-taratasy sy manamarina ny tena maha izy azy sy ireo taratasy tsy feno. 1229 no antontan-taratasy azo raisina ary 547 ireo fangatahana tsy azo raisina.

- Fanoratana ny mombamomba ireo mpangataka eo amin'ny taratasy famantarana ireo antontan- taratasy tsirairay.
- Famolavolana marika fanarahamaso isaky ny dingana narahana mandrindra ny fikirakirana ny antontan-taratasy.
- Fijerena ireo antontan-taratasy mety voakasiky ny fanonerana ara-moraly na ny fahavoazana teo amin'ny asa.
- Fanasokajiana ireo antontan-taratasy isaky ny Faritra sy ny vanim-potoana politika.
- Toy izao ireo antontan-taratsy nalefa any amin'ny Vaomiera misahana ny "Fahamarinana sy Famelan-keloka":
  - 30 Janoary 2018: 102
  - 02 Febroary 2018: 77
  - 11 Oktobra 2018: 148
  - 16 Desambra 2018: 56

## 5. Vinavina

- Mamaritra ireo asa sy fomba atao amin'ny fanonerana ka tsy misy akony ara-bola na ara- pitaovana mivantana.
- Manomana ireo volavolana fanapahana ho raisina.
- Miantoka ny fampitana ireo fanapahana noraisina, any amin' ireo manampahefana sy sampan-draharaha voakasik' izany.
- Mampita sy manara maso ny fanatanterahana izany.

## 6. Toromarika

Tahirim-pirenena momba ny Firaisankina na Fonds National de Solidarité (FNS)

Ny fahatanterahan’ io rafitra ara- bola ho amin ny fanonerana io dia iray amin’ireo fepetra hampahomby ny andraikitry ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* ». Noho izany dia tena ilaina ny hisian’ ny didim- panjakana fampiharana ny lalàna hametrahana faran’izay haingana ny Tahirim-pirenena momba ny Firaisan-kina. Mahakasika izay indrindra, dia efa nankatoavin’ny Fivoriambe ary efa nalefa any amin’ny Fahefana mahefa ny volavolana didim-panjakana momba izany.

## D. VAOMIERA MISAHANA NY “FANARENANA INDRAY NY FIRENENA SY NY REPOBLIKA”

Araka ny andininy faha-32 amin’ny lalàna laharana faha 2016-037 tamin’ny 02 Febroary 2017, dia isan’ireo Vaomiera telo mandrafitra ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » ny Vaomiera misahana ny “Fanarenana indray ny Firenena sy ny Repoblika”. Voalaza ao amin’ny Savaranonando fa ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* dia antsoina hanao ny asa mahakasika ny Fampihavanam- pirenena mba hahatongavana amin’ny Fanarenana indray ny Firenena sy ny Repoblika, hanazava ny vahoaka malagasy ny amin’ny lasany mba hahafahany mandray an-tanana ny hoaviny manoloana ny fivoaran’ny tontolo maoderina ». Ao anatin’izay sehatra sy fijery izay no iasan’ ny Vaomiera misahana ny “Fanarenana indray ny Firenena sy ny Repoblika” ka hamaritany ny asany ary handrafetany Toromarika araka ny voalazan’ny andininy faha-43 ny lalàna.

### 1. Fanamarihana ankapobeny

- Mpikambana : Miisa 13
- Birao : Ahitana ny Filoha, Filoha lefitra, Mpampakateny sy Mpampakateny lefitra.
- Fizotran’ny asa sy ny fomba narahina:bAraka ny Fitsipika Anatiny sy araka izay ilàna azy, no hamaritan’ny Mpikambana ny fotoam-pivoriana, ny fomba fiasa, ny programan’asa, sy ijerena izay fomba hahatrarana ny tanjona. Ny mahazatra ny Vaomiera dia miainga amin’ny fifanakalozam-baovao izy ireo, ary avy amin’izany no hanehoana hevitra mikasika ny zava- mitranga. Aorian’izany dia atao ny famakafakana, sy ny programan’asa. Ny dingana fahatelo dia miompana amin’ ny fanaraha-maso, ny tomban’ezaka ny zavatra izay notapahina sy narindra ary notanterahina. Fahalalahana maneho hevitra, fandraisan’ ny rehetra anjara amin’ ny adi-hevitra, fahamatoran’ny fanadihadiana, fisainana hentitra ary fijery mahitsy, ireo no fitsipi-dalalao narahina. Manampy izany ny fahaizana manombatombana mialoha izay mety hitranga, miohatra amin’ ny zava-misy.

### 2. Asa notanterahina

Azo sokajiana telo izy ireo:

- Fivoriana

  Ireo fivoriana lehibe notanterahina:

  - Niompana tamin'ny fifidianana ny mpikambana mandrafitra ny Birao, ary ny fampahatsiahivana ny andraikitra miandry azy ireo sy ny famaritana ny tambazotram-pifandraisana mba hanasongadinana ny asan'ny Vaomiera ny fivoriana voalohany natao ny 24 novambra 2017.
  - Ny 22, 23 ary 24 Janoary 2018 dia nifantoka tamin'ny fahazoana ny hevitry ny hoe "Fanarenana indray ny Firenena sy ny Repoblika" ny fivoriana. Nodinihina ihany koa ny momba ny fandaharan' asa mandritry ny enim-bolana voalohany miaraka amin' ny fomba fiasa sy ny fanao mifandraika amin'izany ary farany dia ny mahakasika ny ho enti-manana hanatanterahana io fandaharan' asa io.
  - Ny 21, 22 Februoary 2018 dia natokana manontolo tamin' ny fanomanana ireo Atrik'asa nasionaly sy isa-paritra momba ny Fanarenana indray ny Firenena: famaritana ny lohahevitra, famolavolana ny rijan-teny tondrozotra, ny mombamomba ireo mpandray anjara sy ny mpanolotra, ny fikarohana mpiara-miombon' antoka, famaritana ny toerana sy ny daty ary ny fitaovana.

- Fihaonambe, Atrikasa, fidinana ifotony

Nandray anjara mavitrika tamin'ny Fihaonambe, Atrikasa sy ny fidinana teny ifotony tany amin' ny Faritra samihafa teto amin'ny Nosy ireo Mpikambana ao amin'ny Vaomiera, araka ny andraikitra sahaniny mikasika ny fanangonam-baovao, ny fanentanana ary ny fampitam-baovao. Fotoana koa izany nampahafantarana sy nanazavana ny hevitry ny hoe Fanangana indray araka ny fahitan' ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » azy.

- Famahana ny olana (Avrily –Mey 2018)

Tamin'ny alalan' ireo fivoriana, fifanarahana, sy fihaonana ary fifandraisana izay notarihin'ny Birao Maharitra, ireo mpikamban' ny Vaomiera Fananganana indray dia nitondra ny anjara birikiny tamin' ny ezaka hamahana ny krizy politika tamin' ny volana aprily-mai 2018 ny Vaomiera.

Izany no nahafahana nandrafitra ka anolorana ireto Toromarika ireto:

## 3. Toromarika

- Fanamafisana sy fanatsarana ny fiaraha-miasa amin'ireo Mpiara-miombon'antoka toy ny FES (Friedrich Ebert Stiftung), ny IRD (Institut de Recherche pour le Développement), Akademia Malagasy sns. mba hametrahana Ivotoerana fanovozam-pahalalana sy famokarana mikasika ireo olan'ny Fampihavanana sy Fananganana ifotony.

- Fampandraisana anjara ireo Hery Velona rehetra eto amin'ny Firenena amin'ny zotran' ny Fampihavanampirenena amin'ny ankapobeny ary koa amin'ny Fananganana indray ny Firenena sy ny Repoblika (tompon'andraikim-panjakana, Mpiantsehatra ara-politika, manam-pahefana ara- pinoana sy ara- drazana, mpikambana ao amin'ny Fiarahamonim- pirenena, ny sendika, ny fikambanana sy ny olom-pirenena eny ifotony).

- Fikarakarana Fihaonambe nasionaly sy isa-paritra izay hanomezana lanja ireo sehatra rehetra mety hahakasika ny Fananganana ifotony indray (Ireo lalana fototry ny Repoblika, ny firafitry ny fahefana, ny fitantanan-draharaha, ny fitsinjaram-pahefana sy ny fampandrosoana voalanjalanja, ny rafi- panabeazana, ny fandaminana ny fiaraha-monina, ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena, ny fanorenana ny Firenena).

# FAMARANANA

Mitondra tsirim-panantenana lehibe ho an'ny Malagasy ny asa Fampihavanana, mba ho fananganana vaovao indray ny Firenena ka hamerina ao am-pon'ny Mpiray tanindrazana ilay fitiavana miara-monina (« *le vouloir-vivre ensemble* »), ary hananany ny fahavononana hifampitantana sy hiara-misalahy mba hampahomby sy hampiroborobo ny Programan'asa rehetra ho fanatanterahana ny Politika Ankapobe soritin'ny Mpitondra, ho amin'ny soa iombonana.

Nimasoan'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » nandritra ny taona 2018, ny fanombohana hametraka izany tontolo izany.

Koa h*o famaranana izao TATITRA izao,*

*Avy amin'ireo asa rehetra notanterahina mandavataona ireo,*

*Ireo fihaonana samihafa sy ireo iraka ary ireo fidinana ifotony,*

*No ahafahana manao ireto TOLOKEVITRA sy TOROMARIKA manaraka ireto,*

*Izay atolotra etoana mba ho fanajana ny lalàna sy ho tan-tsoroka amin'ny fitsinjovana ny hoavin'ny taranaka:*

# “IREO TOROMARIKA” (“LES RECOMMANDATIONS”)

***« TSY MISY FAMPANDROSOANA RAHA TSY MISY NY TENA FANDRAISANA ANJARAN’NY VAHOAKA TSIVAKIVOLO».***

## I- FAMOLAVOLANA SY FANKATOAVANA IREO RIJANTENIN-DALANA HO FAMPIHARANA NY LALANA LAHARANA FAHA-2016-037 TAMIN’NY 02 FEBROARY 2017 MIKASIKA NY FAMPIHAVANAM-PIRENENA

Laharampahamehana ny famolavolana sy ny fankatoavana an’ireo rijantenin-dalàna ho fampiharana ny lalàna, mba hahafahan’ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » manatanteraka ny iraka hampanaovina azy, dia tsy inona izany fa ny fitsaboana sy ny fanasitranana ireo ratra isam-batan’olona sy iombonana, nateraky ny lasa mba hanorenana fototra madio ho an’ny hoavin’i Madagasikara. Fahefana feno no nomen’ny lalàna azy mba hanatanterahany izany.

Ireto avy ireo rijantenin-dalàna ireo:

- Didim-panjakana mametraka ireo Rantsamangaikan’ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » eny anivon’ireo Faritra sy Kaominina (andininy faha-3 andalana farany amin’ny lalàna laharana faha-2016-037 tamin’ny 02 Febroary 2017), ary fankatoavana ny tetibola ilaina ahafahan’ireo Mpikambana sy ireo Rantsamangaikan’ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » ireo hanatanteraka ny iraka ampanaovina azy, ka izany dia ao anatin’ny fahaleovantena sy tsy fiandaniana, na amin’iza na amin’iza, araka ny baikon’ny lalàna.

- Didim-panjakana mikasika ireo fotokevitra sy fomba hatao amin’ny fanonerana (andininy faha-59 andalana faha-4 amin’io lalàna io).

- Didim-panjakana mikasika ny fananganana, ny rafitra, ny firafitra, ary ireo andraikitra sy ny fomba fampiasana ny Tahirim-Pirenena ho an’ny Firaisankina na FNS (Fonds National de Solidarité) sy ny rafi-pitantanana an’izany, izay antsoina hoe Tahirim-Pirenena momba ny Fanarenana sy Fanonerana na CNRI (Caisse Nationale de Réparation et d’Indemnisation), andininy faha-63 andalana faha-2 amin’io lalàna io.

## II- IREO HETAHETA LALINA AVY AMIN'NY VAHOAKA:

Fametrahana ny tena politikam-pampandrosoana mirindra sy mifandanja eto amin'ny Firenena, amin'ny alalan'ny fanatontosan'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » ny DINIKA NASIONALY HO AMIN'NY TENA FANORENANA INDRAY NY FIRENENA.

Dinika hiompana amin'ny:

**1.** Fihavanana Malagasy , amin'ny alalan'ny :

Famolavolana iombonana ny famakiana indray ny Tantara mba hanampiana ny vahoaka malagasy hitodika amin'ny « *Soatoaviny*» ka hanangana sehatra hifampiresahana sy hikaonandoha, mba hametrahana ny tena Fitoniana, ka hisian'ny finiavana hiaro ny fananana iombonana.

**2.** Filaminana, amin'ny alalan'ny :

**a.** Fametrahana rafitra mahomby avy hatrany, hisahana ny filaminana any ifotony.

**b.** Fampitomboana isa ireo mpitandro ny filaminana izay ho vatsiana fitaovana ampy sy tena ho afaka hisakana ny ratsy.

**d.** Fanamafisana ny firaisankinan'ny mponina ka haorina sy homena lanja indray ireo Dina mifototra amin'ny fanajana ny Zon' olombelona, ny lalàna, ireo fomba amam-panao nentin-drazana araka ny kolontsaina malagasy, ireo mampiavaka ny isam-paritra mba hiainana ny tena filaminana fa tsy horohoro, ary hamongorana ny asan-dahalo sy hampitsaharana ny fitsaram-bahoaka.

**e.** Fanamafisana ireo rafitra hanao ny fanarahamaso sy ny fitsirihana ny fitazonana ireo fitaovam-piadiana.

**3.** Ady amin'ny kolikoly isan'ambaratonga, amin'ny alalan'ny :

**a**. Fametrahana fepetra mifanentana, tsy azo ivalozana sy mahomby mba hanajana ny fahambonian'ny Zo, hamongorana ny fanamparam-pahefana, ny kolikoly sy ny tsy maty manota.

**b**. Fametrahana politika manakaiky ny vahoaka amin'ny alalan'ny fananganana fitsarana isaky ny renivohitry ny Distrika sy hanamafisana ny fitsarana mitety vohitra.

**d**. Fampianarana an'ireo tompon'andraikitra ara-panjakana sy ara-pitsarana, hahay fitenim-paritra, mba hisian'ny fifandraisana tsara amin'ireo olona manan-draharaha eo anivon'ny fitsarana ka hahatsapan'izy ireo fa ho voaaro kokoa izy ireo manoloana ireo karazana fanararaotana sy tsy rariny samihafa.

4. Fitsinjarana ara-drariny ny harem-pirenena, amin'ny alalan'ny:

**a.** Fampiharana tanteraka ny fepetra voalazan'ny Lalàmpanorenana mikasika ny fizakantena ara-bola eo anivon'ireo Vondrom-paritra itsijaram-pahefana (andininy faha-139 sy ny manaraka ao amin'ny Lalàmpanorenana), ka **haverina indray ny tetibolan'ny Faritany**, toy izay voafaritry ny Didy hitsivolana laharana faha 62-076 tamin'ny 29 Septambra 1962 nasiam-panovana araka ny Didy hitsivolana laharana faha 73-003 tamin'ny 18 Janoary 1973, tetibolan'ny Faritany izay nofoanan'ireo Didy hitsivolana laharana faha 73-014 sy faha 73-015 tamin'ny 30 Marsa 1973 ary ireo lalàna nifandimby mikasika ny fitantanam-bola. Fanafoanana nahatonga fihazohazoana ka nampitsahatra tany ifotony ny fandraisana fanapahan-kevitra ho fampandrosoana. Anisan'ny nahatonga ny tsy faharisihana izany.

**b.** Famolavolana fepetra fanampiny mifanaraka amin'izany, mba hahomby sy ho azo itokisana io fizakantenan'ny Faritany io, ary hisy fanentanana sy fanofanana an'ireo mpiasam-panjakana hanatanteraka izany.

**d**. Famolavolana, ihany koa, sy fametrahana haingana ny fepetra fanampiny sy sahaza, mba hisian'ny fitantanana madio sy hentitra ny harenan'ny vondrom-paritra, sy fametrahana haingana an'ireo rafitra mpanara-maso sady azo antoka no tsotra, eny anivon'ny sampan-draharaha misahana ny fitantanam-bola sy ireo rafi-pitsarana miorina eny amin'ny Faritany sy ny Faritra.

5. Fanavaozana tanteraka ny Fanabeazam-pirenena, amin'ny alalan'ny :

**a.** Fametrahana fanabeazana ho olom-pirenena vanona eo amin'ny rafi-pampianarana rehetra, ary koa kolontsaina maharitra mandala ny demokrasia.

**b**. Fametrahana fanabeazana ara-moraly hiantohana ny fanajana ny Soatoavina malagasy miorina amin'ny Fihavanana.

**d**. Fampianarana ny fitenim-paritra sy fanabeazam-boho ny tenim-pirenena amin'ny alalan'ny voambolan'ireo fitenim–paritra ireo.

**e**. Fanandratana an'ireo fomba amam-panao isaky ny Faritra.

6. Fametrahana fifanakalozan-kevitra vaovao sy tena izy, mikasika ny politikan' ny fananan - tany, amin'ny alalan'ny :

Fikarakarana Dinika nasionaly mikasika ny olana momba ny fananan-tany, fototry ny ankamaroan' ireo ady eny anivon' ny fitsarana sy ny disadisa ara-piaraha-monina.

7. Fanamafisana ny demokrasia sy fanavaozana ny raharaham-panjakana, amin'ny alalan'ny :

**a.** Fametrahana hatrany ny kolontsaina mandala ny demokrasia sy ny fanabezana ho olom-pirenena vanona.

**b.** Famolavolana seha-dalàna vaovao, mba hampitsahatra ny habetsahana tafahoatra ny isan'ny antoko politika.

**d**. Fanavaozana ny lalàna mikasika ny Kaominina, indrindra fa ny mikasika ny fifidianana an'ireo mpilatsaka ho fidiana Ben'ny tanàna, ka hanafoanana ny andininy mamela an'ireo izay tsy lany, hisahana avy hatrany ny toeran'ny mpanolontsaina monisipaly na kaominaly.

**e.** Fanitsiana ny satan'ny Fokontany mba hifidy mivantana an'ireo Lehiben'ny Fokontany ny mponina ao aminy.

**f.** Fanavaozana ny fitantanan-draharaham-panjakana malagasy mba tsy hanjakan'ny firehana ara-politika, ary mba hohamaivanina ny fanaovan-draharaha ka hosoloina miandalana fitantanan-draharaha ara-kajy-mirindra.

# T O V A N A

## Conseil du Fampihavanana Malagasy (CFM)
## Ny **BIRAO MAHARITRA**



**MAKA Alphonse**
**FILOHA**

### IREO FILOHA LEFITRA



**RAMAMIMAMPIONONA Gérard Noël,**
VP Antananarivo



**JEAN**
VP Antsiranana



**RAOTOSAMY Honoré**
VP Fianarantsoa



**BENTE SALIM Zalifa**
VP Mahajanga



**RASOLONDRAIBE Jean-Jacques**
VP Toamasina



**LATIMER RANGERS Randrianasolo Joseph**
VP Toliara

### IREO MPAMPAKATENY ANKAPOBE



**RAZAFIMAHATRATRA Valisoa**
**Mpampakateny Ankapobe**



**RAZAFINDRAVOLA Jeanne Virginie**
**Mpampakateny Ankapobe Lefitra**

## Sary niarahana tamin-ireo olona notsidihana



*Mahajanga " 06 septambra 2018"*



*Miarinarivo 11 jolay 2018*

**FANEHOANA AN-TSARY (tatitra, fihaonana..)**

Fanaterana ny fanambaram-pananan'ireo Mpikambana 33 - BIANCO Ambohibao









Fanatrehana ny fametrahana ny Kardinaly tany Toamasina

Fitsidihan'Atoa Omer KALAMEU
Foibe CFM – Ampefiloha Antananarivo






# DINA MAMARITRA IREO FOMBA MENDRIKA SY MAHITSY, IFAMPIFEHEZAN'IREO KANDIDA AMIN'NY FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA MBA HISIAN'NY FITONIANA

JUSTICE ET PAIX

Adresse E-mail :
**cpcharte2018@gmail.com**

Contact Téléphonique :
**032 67 376 98**
**034 01 147 80**

*Savaranonando:*

*Izahay kandida amin'ny fifidianana Filoham-pirenena 2018 eto Madagasikara :*

- *Manaraka ny Didy aman-dalàna manan-kery, ireo Fifanarahana sy Fomba fanao iraisam-pirenena momba ny fifidianana;*

- *Mandray am-po ny fanajana ny Zo maha-olona voafaritry ny Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny Zon'olombelona, ny Sata Afrikanina momba ny Zon'olombelona sy ny vahoaka, sy ny Sata Afrikana mifehy ny Demokrasia, ny Fifidianana sy ny Fitantanana, ary koa ny Lalàmpanorenana Malagasy tamin'ny 2010;*

- *Mandray am-po ny hasin'ny Soatoavina malagasy (Aina, Fanahy, Fihavanana);*

- *Resy lahatra ny amin'ny tsy maintsy hananana fifidianana demokratika sy milamina, hiantohana ny fampiharana ny fitondrana tsara tantana, hanamafisana ny hetsika hiadiana amin'ny kolikoly, sy ny famotsiam-bola ary ny famatsiana ara-bola ny asa fampihorohoroana;*

- *Mahatsapa ny andraikitra tokony ho raisina mba hitandroana sy hanamafisana ny firaisankinam-pirenena sy ny filaminana ara-tsosialy;*

- *Mahatsapa fa fanetribe ho an'ireo rafi-panjakana demokratika, ny toe-karen'ny Firenena sy ny fanjakana tan-dalàna ny fanangonan-karena tsy ara-dalàna;*

- *Sahiran-tsaina ny amin'ny fomba hialàna amin'ny fiverimberenan'ny krizy nateraky ny fifidianana nanomboka tamin'ny fahazoana ny fahaleovantena, ka nitarika ny fahaverezan'ny Soatoavina, ny Etika sy ny ara-moraly;*

- *Resy lahatra fa ny fifampiresahana amin'ny samy Malagasy dia dingana hizorana ho amin'ny fiverenan'ny Fihavanana;*

- *Manaiky fa ny iraka omen'ny mpifidy dia tokony hiompana amin'ny fikatsahana ny soa iombonana mba ho tombotsoan'ny daholobe ;*

- *Mahatsapa fa marefo ny demokrasia, ny maha-tany tan-dalàna ary ny andraikitra raisina mba hiantohana an'izany;*

- *Mahatsapa fa mitondra fitoniana ara-politika sy filaminana maharitra, antoka hisian'ny fandrosoana ara-toe-karena sy ara- sosialy ho an'ny taranaka mifandimby, ny fifandimbiasam-pahefana amin'ny fomba demokratika;*

- *Fatra-panaja ny foto-kevitra mampitovy lenta ireo kandida, mametraka amin'ny toerana faratampony ny Zo sy ny Fahalalahana;*

- *Mahatsapa fa ilaina ny fiarovana ny fananam-bahoaka sy ireo loharanon-karena voajanahary, mialoha, mandritra ary aorian'ny vanim-potoanan'ny fifidianana;*

*Resy lahatra tanteraka amin'ireo voalaza ireo,*

***KOA MANAPA-KEVITRA**, an-kitsipo sy araka ny feon'ny fireritreretanay, fa* :

*(i) Mandray sy manaiky ity Dina ity ho mpandrindra ny fifandraisana sy ny fitondrantenanay, mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana ;*

*(ii) Hanaparitaka sy hampanaja ireo didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana sy ity Dina ity amin'ireo mpiray tanindrazana aminay.*

***MIARA-MANAIKY IZAHAY, NOHO IZANY FA**:*

***<u>Mialohan'ny andro fandatsaham-bato</u> :***

*1. Hanome vahana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy, ny tanora sy ireo vondron'olona marefo, ka izany dia amin'ny zotram-pifidianana manontolo ;*

*2. Tsy hanodinkodina ny lisi-pifidianana, na amin'ny fomba inona na inona ;*

*3. Hanentana an'ireo mpanohana sy ireo mpikatroka rehetra mba hanaramaso ny lisi-pifidianana ;*

*4. Hanao an-tsitrapo ny fanambaram-pananana, sy izay mety ho tombontsoa ara-toe-karena, eo anivon'ny BIANCO na dia ireo izay tsy teren'ny lalàna hanao izany aza ;*

*5. Hampahafantatra ny sarababem-bahoaka ny tetibola, ireo karazany sy fiavian'ny loharanom-bola hampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra;*

*6. Handà izay mety ho endrika famatsiam-bola mila tambiny ka mety hanimba ny tombontsoam-pirenena;*

*7. Hanome vahana kokoa ny adihevitra mitondra fivoarana sy fanatsarana, fa tsy ny fialam-boly;*

*8. Tsy hanao fandaniam-bola mihoa-papana sy tsy am-piheverana manoloana ny fahantrana efa misy ;*

*9. Hanilika izay mety ho endrika kolikoly rehetra, indrindra fa ny fividianana safidy sy ny feon'ny fireritreretana amin'ny alalan'ny fizarana entana na vola;*

*10. Tsy hampiasa mivantana na ankolaka izay mety ho tombontsoa, enti-manana sy fahefana azo amin'ny Fanjakana sy ireo rantsamangaikany na izay rafi-panjakana sy rafitra miankina amin'ny Fanjakana;*

*11. Tsy hampiditra, tsy hanofana, tsy hamatsy vola, tsy hamatsy fitaovam-piadiana na hampiasa « Be sandry » sy milisy mba hambolena korontana ;*

*12. Hampiasa fomba fiteny voalanjalanja, tsy mitratrevatreva ary haneho fihetsika aman-toetra mifanaraka amin'ny kolontsaina Malagasy;*

*13. Hanalavitra ireo resaka rehetra miendrika fanavakavahana, na ara-piaviana, na ara-poko, na amin'ny maha lahy na maha vavy, na koa ara-pinoana;*

*14. Hanentana ny mponina ny amin'ny tokony iarovana ny fananam-bahoaka sy ireo loharanon-karena voajanahary;*

*15. Hampihatra mivantana amin'ny maha tompon'andraikitra, ireo fahefana voatondro ao amin'ny lalam-pifidianana mandritra ny fanatanterahana ny fifidianana*

***<u>Mandritra ny andron'ny latsabato</u>***

*16. Na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana, dia tsy hanodikodina, na hampitahotra, na koa hanao kolikoly amin'ireo mpiasa miandraikitra ny raharaham-pifidianana, amin'ireo delegen'ny mpilatsaka hofidiana na ny delegen'ireo kandidà mpifaninana, ary koa amin'ireo mpifidy ;*

*17. Tsy hanakorontana ny fizotran' ny latsabato ;*

*18. Tsy hampiasa, na mivantana, na an-kolaka, an'ireo tombontsoa, sy ireo enti-manana ary ny fahefana avy amin'ny fanjakana, sy ny ratsamangaikany na koa ireo rafitra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana ;*

*19. Hampandray andraikitra an'ireo delege sy solontena, sy mpanohana, mba hahatonga azy ireo hanao fihetsika manaja sy lavitry ny herisetra ;*

*20. Hampahafantatra, aorian'ny fanamarinana sy fitondrana porofo mazava, ireo fihoaram-pefy, hosoka ary tsy fanarahan-dalàna na fandikan-dalàna, ka izany dia ao anatin'ny fanajana tanteraka an' ireo fepetra sy fitsipika voalazan'ny Lalàna.*

***<u>Aorian'ny vaninandro fandatsaham-bato</u>***

*21. Tsy hamoaka, na hanambara voka-pifidianana tsy mbola ofisialy, mba hitandroana ny fitoniana ;*

*22. Hanaja ny voka-pifidianana ;*

*23. Hifampiarahaba amim-pahamendrehana araka ilay fomba fiteny manao hoe : « Adin'ombalahin'ny mpianakavy : izay mandresy tsy hobiana, izay resy tsy akoraina » ;*

*24. Tsy hanao fitenenana mety hanafintohina, miaro fankahalana, miendrika fanompana ny hafa, na mety hampirehitra hatezerana, ka hitarika fifandonana;*

*25. Hivoy ny kolontsain'ny fifampiresahana sy fanelanelanana;*

*26. Hitondra eo anatrehan'ny fitsarana mahefa izay rehetra mety ho fifanolanana na koa fanoherana ;*

***Ho an'ny kandidà voafidy,***

*27. Hamoaka ny fanambaram-pananana amin'ny fanombohana sy amin'ny fiafaran'ny fe-potoana hiasana;*

*28. Hanatanteraka antsakany sy andavany an'ireo fanekena sy fampanantenana natao nandritra ny fampielezan-kevitra;*

*29. Hanokana teti-bola manokana, ary miandalana, ho an'ireo Rafitra miady amin'ny kolikoly araka ny "Paikady nasionaly amin'ny ady amin'ny kolikoly" (2015-2025);*

*30. Manome toky fa hanatanteraka, ao anatin'ny fotoana maha mety azy, ny Dinika ho fanatanterahana ny Fanorenana Ifotony ny Firenena sy ny Repoblika, antoky ny fitonian'ny fiainam-piaraha-monina.*

*<u>Fanaraha-maso amin'ny fampiharana ny Dina</u>*

*Mba ho fanaraha-maso ny fanatanterahana sy ny fanajana ity DINA ity,*

*Izaho izay manao sonia etsy ambany, dia manome fahefana:*

*Andaniny, ireo Vaomiera ahitana an' ireo Andry sy Rafi-panjakana : Ny » Conseil du Fampihavanana Malagasy » (CFM), ny « Vaomiera Mahaleotena momban' ny Fifidianana » (CENI), ny « Vaomiera Miaro ny Fahamarinana » (CSI), ny « Birao Mahaleotena Iadiana amin'ny Kolikoly » (BIANCO), ny « Sampandraharaha Malagasy Iadiana amin'ny Famotsiam-bola » (SAMIFIN), ny « Vaomiera Mahaleotena miaro ny Zon'olombelona(CINDH), ny « Filankevitra Ambony ho Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tan-dalàna » (HCDDED),*

*Ankilany ireo mpisehatra eo anivon'ny Fiarahamonim-pirenena : ny « Tetikasa FANDIO » (Fifidianana Antoka ho an'ny Daholobe Ifantenana Olombanona), ny fikambanana « Tolotsoa », ny « Transparency International Initiative Madagascar », ny « ROHY »(Rindran'ny Olompirenena Hiarovana ny Iaraha-manana), ny fikambanana « Justice et Paix », najoro mba ho fampandehanana sy fanajana ity Dina ity.*

*MANAMBARA AHO FA NY FIHETSIKA REHETRA MIFANOHITRA NA MANDIKA IREO FOTO-KEVITRA IREO DIA HANITSAKITSAKA NY FAHAMENDREHAKO.*

**FIZAHAN-TAKELAKA**

*TENIN'NY FILOHA* .......... 2
FAMINTINANA.......... 3
FANAFOHEZAN-TENY .......... 4
FANOLORANA .......... 6
I. TOE-JAVA-MISY .......... 8
1. **Fananganana sy iraka** .......... 8
2. **Rafitra** .......... 9
II. FOMBA FIASA .......... 10
1. **Fotoam-pivoriambe** .......... 10
2. **Famintinana** .......... 10
III. FITSIDIHANA SY FIDINANA IFOTONY .......... 14
A- **Faritany ANTANANARIVO** .......... 16
B- **Faritany ANTSIRANANA** .......... 17
D. **Faritany FIANARANTSOA** .......... 18
E. **Faritany MAHAJANGA**.......... 20
F- **Faritany TOAMASINA**.......... 21
G- **Faritany TOLIARA** .......... 22
IV. FANAMAFISANA FAHAIZA-MANAO.......... 23
V. TRANGA LEHIBE — FIHAONANA SY FIFAMPIRESAHANA .......... 25
VI. HETSIKA HO AMIN'NY FITONIANA: .......... 27
1. **Antso avo ho amin'ny Fitoniana, fahamendrehana sy fanajana ny "*FIHAVANANA*"** .......... 27
2. **« *Fampihavanana* » ho fivoahana amin'ny krizy:**.......... 28
3. **Dingana ho fampihaonana an'ireo Filoham-pirenena:**.......... 29
4. **Ho amin'ny fifidianana Filoham-pirenena milamina** .......... 32
VII. TATITR'IREO VAOMIERA .......... 35
A. **VAOMIERA MISAHANA NY « FAHAMARINANA SY FAMELAN-KELOKA"** 35
1. **Firafitra** .......... 35

**2. Fizotran'ny asan'ny ekipa iombonana misahana ny famotorana** .... 35

**3. Tomban'ny zava-bita** .... 36

**B. VAOMIERA MISAHANA NY « FANONERANA/FANGATAHANA ONITRA"** 37

**1. Firafitra** .... 37

**2. Toe java-misy** .... 37

**3. Fomba fiasa** .... 37

**4. Asa vita** .... 38

**5. Vinavina** .... 38

**6. Toromarika** .... 38

**D. VAOMIERA MISAHANA NY "FANARENANA INDRAY NY FIRENENA SY NY REPOBLIKA"** .... 39

**1. Fanamarihana ankapobeny** .... 39

**2. Asa notanterahina** .... 39

**3. Toromarika** .... 40

FAMARANANA .... 42

**"IREO TOROMARIKA" ("LES RECOMMANDATIONS")** .... 43

**I- FAMOLAVOLANA SY FANKATOAVANA IREO RIJANTENIN-DALANA** .... 43

**II- IREO HETAHETA LALINA AVY AMIN'NY VAHOAKA:** .... 44

**1.** Fihavanana Malagasy .... 44

**2.** Filaminana .... 44

**3.** Ady amin'ny kolikoly isan'ambaratonga .... 44

**4.** Fitsinjarana ara-drariny ny harem-pirenena .... 45

**5.** Fanavaozana tanteraka ny Fanabeazam-pirenena .... 45

**7.** Fanamafisana ny demokrasia sy fanavaozana ny raharaham-panjakana .... 45

T O V A NA .... 47

FIZAHAN-TAKELAKA .... 56